Ny Fitaoman'Ny Hafa

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Ny Tompo hitahy anao.

Manao ahoana, ry sakaiza. Tena mahafinaritra ny tonga eto indray izao hariva izao, eto amin'ny tabernakla, mba hiresaka indray ny amin'ny Tompo sy Mpamonjintsika, Izay mahalatsa-pitia antsika rehetra, azoko antoka. Raha tsy izany, dia tsy ho nipetraka eto amin'ity tranobe mafana eto ity isika, hipoka tahaka ny misy antsika izao hariva izao, raha tsy tia Azy isika. Satria, izany no tanjon'ny maha-eto antsika, dia ny haneho Aminy fa tiantsika Izy. Ary ireo fanantenantsika dia—dia mihetsika lehibe tokoa rehefa mieritreritra ny fotoan'ny Fanatonany isika, satria mahita an'ireo famantarana miseho isika, an'Ny Fihaviany, dia maniry mafy an'io ora lehibe io, sy izay hahitantsika Azy.

2 Hatramin'ny naha-teto ahy tamin'ny Alahady lasa, herinandro izay, dia efa nisy maro no lasa mba hihaona Aminy. Ny anankiray dia Rtoa. Ford, Rtoa. Levi Ford. Valopolo taona izy, vehivavy iray sarobidy. Maty ny vadiny, fotoana vitsy lasa izay. Mpiady tranainy iray an'ny Ady Espanôla-Amerikana izy. Ary ao amin'ny tantaram-piainako dia nanonona ny anaran'ny zananilahy aho. Izy ilay anankiray izay saika hanome ahy an'ilay fanamiana, fantatrareo, rehefa avy nampiasainy ilay izy. Izany, ilay—ilay fanamian'ny . . . mino aho fa fanamian'ny tily iray ilay izy. Ary izy . . . Rehefa nandeha haka ny ampahan'ilay izy aho, dia tongo-pataloha iray sisa no tavela.

3 Ary eto angamba i Lloyd, izao hariva izao, ilay zazalahy iray ihany. Ary izaho no nanao ny fotoam-pandevenan'ny reniny, indray andro. Ary nangataka ahy izy, nanao hoe, "Billy, maniry aho ny hiresahanao zavatra iray izay manaporofo fa hitsangana indray ny reniko." Dia nanome ahy hafatra iray ho an'izany ny Tompo, teo amin'izany marina, pozitifa. Fa, ny Baiboly, ny natiora rehetra, ny zavatra rehetra izay noforonin'Andriamanitra, dia miteny fa hitsangana izy. Iza—iza no hiteny manohitra an'Izany raha izany? Hitanareo? Andriamanitra no miteny an'izany, manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Natiorany! . . . ? . . . Manaporofo an'izany amin'ny alàlan'Ny Teniny, manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny fiainany, ny zavatra hafa rehetra, hoe tsy maintsy hitsangana izy. Tsy misy—tsy misy fomba, na inona na inona . . . Ny lanitra sy ny tany mety ho levona, fa izany dia tsy ho levona. Tsy maintsy hiseho indray izy.

4 Avy eo, afak'omaly, mpikarakara iray izay niaraka tamiko taloha, Atoa. Baxter, maro aminareo no mahatsiaro azy. Niresaka avy teto amin'ity lampihazo ity mihitsy izy. Ny vadiny

dia maty, tampoka, tamin'ny aretim-po. Ary tena torotoro sy tena nalahelo izy. Matoky aho fa hahatsiaro an-dRahalahy Baxter ianareo ao amin'ny vavakareo, raha mivavaka ianareo, satria iray amin'ireo rahalahintsika izy. Ary mipetraka any Vancouver izy, British Columbia. Ary efa tsy niaraka tamiko intsony izy, ankehitriny, nandritry ny taona maro. Ary reko fa tratry ny karazana fahavoazan'ny fikorontanan-tsaina iray izy, na tahaka an'izany, ary avy eo, tampoka teo, dia tratry ny aretim-po izy, ka lasa. Tsy afaka hiteny mihitsy isika hoe fotoana inona no hiantsoana. Ary noho izany rehefa Izy—Izy no miantso, dia tsy maintsy vonona isika. Izany no antony maha-eto antsika, izao hariva izao.

5 Tao amin'ny efitrano tao aho, ilay birao, raha ny marina, niresaka tamin'Atoa. Moore. Nandresy lahatra ahy ny amin'izany izy. Niezaka aho ny hiala amin'ilay Fanoloram-pisaorana. Tehanao fivoriana iray eto aho ho an'ny Fanoloram-pisaorana, avy eo dia handeha ho any Shreveport. Mazava ho azy, sarotra ho ahy ny hanao an'izany. Ary farany dia hoy izy hoe, "Eny, raha manana fivoriana telo ianao ankehitriny, ka hanana an'ireo Tombokase Fito, any aoriana, amin'izay fotoana izay dia afaka hanome anay an'io andro anankiray io ianao, na ahoana na ahoana." Noho izany farany. . . Saika hanome azy an'io Zoma, Sabotsy, ary Alahady io izahay. Fa ankehitriny dia nampanantena azy aho, avy eo, ny Alakamisy, Zoma, Sabotsy, ary Alahady. Ary izany dia ho, ny Pentekosta, dia ho dimampolo taona, any Louisiana, ilay Andro Fanoloram-pisaorana. Dimampolo taona lasa izay no nilatsahan'Izany, tany Louisiana.

6 Ankehitriny, rahampitso maraina, dia somary hanery kely izahay hoe ny olona rehetra izay tsy manana ny—ny sekoly Alahady izay atrehanareo. . . Mahita ny Rahalahintsika sarobidy Don Roddell aho eto, ary fantatro fa manana sekoly Alahady izy ny maraina. Ary angamba misy mpitoriteny hafa ato, avy any amin'ny manodidina akaiky, izay manana sekoly Alahady. Ankehitriny, dia tianay ianareo handeha any amin'ny sekoly Alahadinareo manokana, raha manana anankiray ianareo. Fa raha tsy manana sekoly Alahady ianareo, ka tianareo ny hiaraka aminay, dia te-hiresaka aho amin'ny maraina, ary hametraka an'izany eo amin'ny solaitrabe iray, ka hampianatra eo amin'*Ny Tsanganana Fenon'Ny Lehilahy Tanteraka Iray,* ary hanao sary an'izany, eo amin'ny solaitrabe, ka haneho an'ireo fitakian'Andriamanitra sy hoe ahoana no hahatonga antsika ho eo amin'ny tsanganana tanteraky ny—ny lehilahy tanteraka iray, eo anatrehan'Andriamanitra.

7 Ary avy eo rahampitso hariva, raha sitraky ny Tompo, dia te-hiresaka aho eo amin'ny lohahevitra hoe *Ny Mpitari-dàlako*. Noho izany, raha ny sasany aminareo no any ivelan'ny tanàna, dia tianay ny hiezaka hanomboka an'ireo fotoana ireo aloha

be. Raha . . . Tsy mbola niresaka tamin'ny pasitera aho, saingy maniry aho ny hanombohanareo ny sekoly Alahady tena aloha be amin'ny maraina. Ary ny fiangonana rahampitso hariva, angamba, raha azo atao, dia hanomboka amin'ny enina sy sasany na tahaka an'izany. Ary hanome fanararaotra iray ho an'ny olona izany, . . . Noho izany, raha te-hijanona izy ireo, dia afaka hivoaka isika, angamba, eo amin'ny valo sy sasany. Ary amin'izay fotoana izay ny sasany amin'izy ireo . . .

8 Nihaona tamin'ny ramatoa iray aho androany, izay namily fiara telo na efatra . . . eo ho eo. Nilaza izy, fa raha hivoaka isika, amin'ny valo ora na amin'ny valo sy sasany, dia ho tonga any an-trano izy manodidina ny amin'ny roa sy sasany na amin'ny telo ora, ny ampitso maraina, efa handeha hiasa ny vadiny. Noho izany, dia tsy hahavita na inona na inona isika, na ahoana na ahoana . . . ? . . . handany andro foana, noho izany—noho izany dia ndao fotsiny isika ho tonga eto am-piangonana aloha be, rahariva. Ary isika dia tsy manana, fantatrareo, isika dia tsy voatery hanana fomba fanao iray mikasika an'izany. Tsy manana fomba fanao Andriamanitra, fantatrareo, ny Baiboly . . . ? . . . Noho izany dia manantena izahay fa ho eto ianareo rehetra, ary izay rehetra afaka.

9 Ankehitriny, raha manana ny fivorianareo manokana ianareo, dia tsarovy, fa ity dia tabernakla iraisan'ny anaram-piangonana izay misy an'ireo olona . . . ? . . . tonga. Ary ny ankamaroan'ny vahoakanay dia olona avy any ivelan'ny tanàna.

10 Ankehitriny, raha sendra ka misy vahiny iray eto, dia tiako ny haneho zavatra iray aminareo. Ary tonga eto amin'ny lampihazo fotsiny aho, ary tsy mahita aho—tsy mahita olona folo izay fantatro aho. Olona firy eto no avy any ivelan'ny tanànan'i Jeffersonville? Atsangano ny tànanareo. Ah-hah. Hitanareo? Sivy amby sivifolo isan-jato. Ah-hah. Hitanareo? Ireo sakaiza fotsiny ilay izy. Firy eto no avy any amin'ny zato maily lavitra? Atsangano ny tànanareo. Misy dimampolo isan-jato, an'izany, no avy any amin'ny mihoatra ny zato maily lavitra. Firy eto no avy any amin'ny mihoatra ny roanjato maily lavitra? Atsangano ny tànanareo. Hah! Telonjato maily lavitra; atsangano ny tànanareo. Jereo eo. Efajato maily lavitra; atsangano ny tànanareo. Jereo eto. Dimanjato maily lavitra; atsangano ny tànanareo. Jereo eto. Mihoatra ny ampahatelon'ny fiangonana, mihoatra ny dimanjato maily lavitra. Hitanareo? Ireo sakaiza izay miangona avy any amin'ny manodidina fotsiny ilay izy! . . . ? . . . mba ho tonga eto. Noho izany dia mankasitraka anareo izahay, ary eto izahay mba hanampy anareo. Eto izahay mba hanao ny rehetra izay vitanay ho anareo.

11 Ankehitriny, vao avy namaky fotsiny aho tao ambadika tao, anankiray, taratasy iray izay vao avy natolotry ny zanakolahy ahy, avy tamin'ny ramatoa iray izay nilaza an'izao. Ny fahatongavany, tamin'ity fotoana ity, dia ho ny diany faha-dimy

amby telopolo izay nahatongavany, manantena ny hivavahana. Indimy amby telopolo, no namiliany fiara nandritry ny an-jatony maily. Dia fahadimy amby telopolo.

12 Nefa avy eo, dia tsarovy, fa misy eninjato mahery, no miandry ao amin'ilay lisitry ny fiandrasana, avy any amin'ny manodidina an'izao tontolo izao, miezaka ho tonga, ho an'ireo fifampiresahana. Hitanareo, izany no manao an'ilay izy ho tena sarotra. Raha mikasika ny eto fotsiny mihitsy no eritreretintsika, dia tsy be loatra ilay izy, afaka mihaino an'izany fotsiny isika. Hitanareo, ilay izy dia manodidina an'izao tontolo izao. Ary noho izany isika dia . . . ? . . .

13 Manontany aho raha ato amin'ny tranobe io ramatoa io izao hariva izao, dia fahadimy amby telopolo, izay nanoratra taratasy iray fa ho eto izy rahampitso? Indimy amby telopolo izy no efa teto, nefa tsy mbola nivavahana. Ataoko fa tsy ato amin'ny tranobe izy, angamba tsy afaka tonga izy. Fa vao avy namaky ny taratasiny fotsiny aho tao ambadika tao.

Ankehitriny, izaho dia efa niezaka foana ny, rehefa tonga eto aho, eo . . . rehefa ato an-trano aho, mba hiresaka mikasika zavatra iray, tsy ny hiresaka fotsiny, na tsy zavatra iray izay hahafaly ny olona. Niezaka aho ny hiresaka mikasika zavatra iray izay hahafaly an'Andriamanitra sy hanampy ny olona, hitanareo, ho fanampiana, mba ahafahanay rehetra, tsy mampaninona na fiangonana inona no ikambananareo, anarampiangonana inona, mba ahafahanareo ho ampiana ho an'ny fandehanana iray akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra.

14 Ary izany no antontsika amin'ny fahatongavana eto, fandehanana iray akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra. Ary rehefa hitantsika fa izao andro izao, satria efa tara ilay izy, sy ny fahakaikezan'ny Tompo.

Niteny tamin'ny vadiko aho androany hoe, "Raha tsy tonga ao amin'ny fifohazana iray aho, any ho any, izaho—dia ho levona aho. Izaho—tsy afaka mahatanty an'izany fotsiny aho. Izaho . . . " Misy zavatra fotsiny ato anatiko, mirehitra! Oh!

15 Vao avy namarana andiam-pivoriana iray manontolo isika, izay nisy olona an'arivony nanatrika. Ary tsy mampaninona, raha nahazo olona roa na telo tapitrisa ianareo, raha tsy misy fifohazana . . . Izany fotsiny dia izay nantsoinay fahiny, tany Kentucky tany, hoe fivoriana iray maharitra. Fantatrareo, isika rehetra dia mandeha mankany amin'ny fivoriana iray maharitra, izay niantsoanay azy. Ary . . . ? . . . Isika dia mila fifohazana iray, izay ihetsehan'ny Fanahin'ny Tompo eo amin'ny olona, ka voavonjy ny olona, ary zavatra lehibe no vita mba hanatanteraka zavatra iray ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

16 Ary ankehitriny, ao amin'ireo fotoan'ny vavaka, mazàna isika . . . Afaka mahita ianareo hoe nahoana isika no tsy afaka hanao laharam-bavaka iray eto. Hitanareo, tena hipoka fotsiny

ilay izy, ka tsy afaka hanao an'izany ianareo. Hitanareo? Fa mazàna, ao amin'ireo laharam-bavaka dia misy an'ireo olona izay . . . tonga ka mahita ny—ny Tompo ho tena misy izy ireo. Ary hitantsika fa ny Tompo Jesosy dia tsy niova mihitsy na kely aza. Hatramin'ny naha-izy Azy, dia izany Izy androany, ary ho izany foana. Ary ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Hebreo 13:8, hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

Ary tao amin'ireo fiangonan'ny olona izay niangona mba hihaino Azy, tamin'ireo andro ireo, dia angamba tsy niditra tao amin'ny laharam-bavaka iray izy ireo, saingy nanana finoana mba hino. Ary nitodika ny Tompontsika, raha nikasika Azy ny finoan'izy ireo, ary nitodika, ka niteny tamin'ny olona fa nisy zavatra sasany tsy nety tamin'izy ireo, izay nataon'izy ireo, sy handehanan'izy ireo ka ho sitrana, na handeha hanao zavatra iray, hanitsy zavatra iray, na tahaka an'izany. Fantatsika ny mikasika an'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana; sy ilay vehivavy niaraka tamin'ny fitsiha-drà; ary, oh, maro be; Bartimeo jamba; hoe ny finoan'izy ireo no nikasika Azy. Ary izao hariva izao, dia mbola Mpisoronabe an'ny fiaikentsika foana Izy, ary lehibe mihitsy tahaka ny naha-izy Azy hatramin'izay.

17 Ankehitriny, dia tokony hamela ny tenantsika ho Mpanompony isika. Izy no Voaloboka, ilay—ilay loharanon'ny Fiainana. Isika no sampana izay mandray an'io Fiainana io. Ary ny sampana no mitondra ny voankazo; fa tsy ny voaloboka. Ary ankehitriny dia miasa amin'ny alàlan'Ny Fiangonany Kristy. Ka noho izany raha afaka manolotra ny tenantsika amin'izany fanao iray izany isika, mba ahafahafan'ny Fanahy Masina mandray ny fifehezana antsika manontolo, ao amin'ny finoantsika an'i Kristy, dia hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy, satria Kristy izany. Ary raha eto ianareo, vahiny iray miaraka aminay . . .

18 Ankehitriny, mazàna, ireo olona eto . . . ? . . . ato amin'ny tabernakla, ny pasiteranay eto dia manao vavaka ho an'ny marary, saiky isaky ny hariva. Ary ianareo dia ivavahan'ny pasiteranay tsara fanahy sy malala, Rahalahy Neville, lehilahy iray izay henoin'Andriamanitra sy valiany vavaka, Rahalahy Orman Neville. Ary—ary . . . ? . . . Rahalahy Don Ruddell, sy ireo rahalahy hafa izay mivavaka ho an'ny marary. Rahalahy Jackson, ataoko fa eto amin'ny manodidina eto izy, any ho any, avy any amin'ny fiangonana rahavavy hafa any Howard Park.

19 Ary amin'ity fotoana ity, fa tena hipoka ilay izy, raha hino fotsiny an'Andriamanitra ianareo, . . . ? . . . na inona na inona ilainareo, ka vahiny iray ianareo ary tsy mahafantatra anareo aho, dia mangataha fotsiny amin'Andriamanitra ka jereo raha tsy Izy no ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Jereo raha tsy afaka miteny avy hatrany Izy . . . ? . . . Fantany ianareo. Fantany izay tsy mety aminareo. Ny zavatra tokana tokony hataonareo dia ny mino Azy fotsiny. Ary avy eo dia Izy no hampiasa anareo ho fitaovana anankiray, ary izaho ho iray hafa.

Jesosy no nilaza, Masindahy Jaona 14:17 hoe, “Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa.” Ankehitriny, izany no vazy iray nanolo-tena.

20 Ankehitriny, rahampitso, dia hampianatra izahay hoe ahoana no hahalasa anareo ho io vazy io, mba ahafahan’Andriamanitra ilay Fanahy Masina hiasa amin’ny alàlanareo. Ary noho izany, hitanareo, Izy no Andriamanitra, izay tao anatin’ny Andry Afo iray; avy eo dia nonina tao anatin’Ny Zananilahy izy, Kristy Jesosy; ankehitriny dia ao amin’Ny Fiangonany. Indray mandeha Izy dia nantsoina hoe “ny Ray,” avy eo “ny Zanaka,” ankehitriny “ny Fanahy Masina.” Izany no Andriamanitra, maneho ny Tenany amin’izao tontolo izao. Ny fomba tokana Nahafahany niditra tao amin’ny Fiangonana, dia ny maty ho an’ilay Fiangonana aloha, mba hanamasina Azy, mba Ahafahany maneho ny Tenany amin’ny alàlan’Ny Fiangonany. Avy eo dia nilaza Izy, ao amin’ny Masindahy Jaona 15 hoe, “Izaho no Voaloboka, ianareo no sampana.” Hitanareo? Ary ireo sampana no mitondra . . .?. . . voankazo. Ny Tompo hitahy anareo.

21 Ankehitriny, alohan’ny isika . . .?. . . ho an’ny lesona izao hariva izao. Ary tsy te-hihazona anareo ela aho, satria mahita ny olona mitsangana aho. Ary ny anankiray maka ny toerany, ary avy eo dia mipetraka ny iray hafa, sy ny sisa.

Miezaka izahay, mafy, ny hahazo ny—alàlana iray mba hametrahana olona eo amin’ny telo na efajato amboniny, saingy ilay tanàna no toa misakana anay eo amin’izany, satria tsy manana toeram-pametrahana fiara sahaza izahay. Nahazo an’ilay alàlana avy any Indianapolis izahay. Nefa avy eo, ilay tanàna, tsy maintsy manana toeram-pametrahana fiara izahay. Oh, rehefa mametraka olona efatra ato anatiny ato izahay, dia tsy maintsy manana toerana hametrahana fiara iray eto ivelany eto. Ary io tany fametrahana fiara eto io dia an’ny tanàna marina tokoa. Hitanareo? Izy ireo, izahay dia . . . Ny fiangonanay eto fotsiny dia . . .?. . . iray dian-tongotra miala amin’ilay faritry ny tanàna. Ary marina tokoa, ilay làlambe, ny antony nanorenana azy eo . . . Mazava ho azy, ny sasany aminareo olona, ireo olona tanora eto, dia tsy hahazo an’izao. Fa ity dia kamory iray taloha. Ary tsaroako, fony aho zazalahy iray, dia nandalo teto izahay. Tsy maintsy nandeha nihodina tao amin’ilay saha tao izahay, nandeha nanodidina an’ilay kamory. Naorin’izy ireo manodidina mihitsy ilay làlana, ilay làlana manodidina an’ilay kamory.

22 Ary novidiako ity tany eto ity. Teo am-pivavahana, ary eto amin’izay misy an’ity mihitsy, dia ny Tompo no niteny tamiko mba hividy azy, teo amin’ny telopolo taona lasa, na roa amby telopolo taona lasa izay, izay ilay izy, heveriko. Eto mihitsy, ary honahona goavana be iray, ary nihoatra ny lohako ireo zozoro.

Ary novidiako enimpolo amby zato dolara ilay tany, ity zorontany eto ity, ary nanorenako ny fiangonana.

23 Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo. Tiako ny, raha hantsoina hoe lahateny iray ilay izy, ho an'ny sasany amin'ny, hamaky ny sasany amin'ilay lohahevitra, naoty vitsivitsy. Tiako ny hiresaka amin'ny mpanatrika, izao hariva izao, eo amin'ny lohahevitra hoe *Ny Fitaoman'Ny Hafa*.

Ary alohan'ny hiresahantsika, na hamakiantsika ny Teny, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ka hiresaka amin'ilay Mpanoratra ny Teny.

24 Ankehitriny, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, sy ny fontsika miondrika ihany koa, ao amin'ny fanajana Azy Masina, dia manontany aho raha misy sasany eto izao hariva izao, izay manana fangatahana iray izay izy ireo . . . mirehitra ao am-pon'izy ireo, ka mety hanangana ny tànanareo eo anatrehan'Andriamanitra fotsiny izy ireo? Ary lazao ao amin'ny vavakareo hoe, "Tompo Jesosy, manana ilaina aho. Mitenena amiko, izao hariva izao. Sitrano aho. Omeo ahy izay ilaiko arabola." Na, na inona na inona ilay izy, dia Izy no manolotra izay ilaintsika rehetra. Andriamanitra hitahy anareo. Saiky ny sivifolo isan-jaton'ny fiangonana.

25 Rainay any An-danitra, manatona Anao izahay. Ankehitriny, raha miala amin'ity tabernakla tanimanga kely izay onenanay ity izahay, ity sambo kely izay misosa eo amin'ny ranomasin-dehiben'ny fiainana mahatahotra ity, dia amin'ny finoana no hiakaranay any ambonin'i Mars, Jupiter, Venus, ny volana, ireo kintana, ny Milky White Way. Ary tonga ankehitriny, amin'ny finoana, eo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray. Mahita, mipetraka eo, an'ireo Tànany sy ireo Tongony voatsindrona! . . . ? . . . Io Rà io ankehitriny no manao fanelanelanana, raha mametraka an'ireo fanomezanay eo ambonin'ny alitara volamena izahay, manodidina Ny Seza fiandrianany.

26 Misaotra Anao izahay, aloha, ny amin'i Jesosy, Izay nanao an'ireo zavatra rehetra ireo ho azo atao, ho anay, amin'ny alàlan'ny finoanay, izay hangatahanay. Ianao no nahita an'ireo tànana! . . . ? . . . nahafantatra an'izay nidobodoboka tao ambanin'ny fon'ny olona. Mametraka ny finoako aho, Tompo, eo amin'ilay Fanatitra, ilay alitara volamena lehibe an'Andriamanitra, izay misy an'ireo zava-manitra izay dorana isan'andro. Mivavaka aho mba Hihainoanao sy hamalianao ny vavak'izy ireo, Ray. Omeo azy ireo ny fanirian'ny fony.

27 Ankehitriny, raha mivory izahay, Tompo, izao hariva izao, ho an'ireto fivoriana telo ireto, ato amin'ity tranobe mafana ity izahay, izao hariva izao, tsy ho an'ny tanjona hafa afa-tsy ny fandehanana iray akaiky kokoa miaraka Aminao. Mahafantatra an'izay hatao . . . ? . . . Tompo, izay hatao. Araka ny nolazain'ny

mpaminany hoe, "Ireo izay miandry ny Tompo, dia hanavao ny heriny. Elatra no hiakaran'izy ireo tahaka ny voromahery. Hihazakazaka izy ireo, ka tsy ho reraka. Handeha izy ireo, ka tsy ho sasatra." Tompo, ampianaro anay hoe ahoana no fiandrasana, rehefa avy nangataka izahay; ary avy eo dia hanana finoana, mba hahafantatra fa nandre Ianao. Ary amin'ny Fotoanao tsara manokana, no Handefasanao ny valiny ho anay eo ambanin'ireo tohatra volamena mihitsy, avy eo amin'ireo làlan-tsaran'ny Lanitra, mankao amin'ny fanahinay avy hatrany. Ary hahazo an'izay nangatahanay izahay, satria mino an'izany izahay.

28 Amasino ny sofinay, izao hariva izao, mba handre, ary ny fonay mba handray. Ary enga anie, rehefa mifarana ny fotoana, dia enga anie izahay hilaza tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

29 Tiako ny hamaky, izao hariva izao, ampahany iray avy ao amin'ny Soratra izay hita ao amin'ny Bokin'ny Isaia. Rahampitso, dia aoka hanana antoka, raha manana taratasy iray ianareo, tiako ianareo mba . . . Hanana tabilao iray aho eto, na solaitrabe iray, hanao sary kely . . . ? . . . lesona. Ary tiako ianareo hahazo azy, raha mety ho vitanareo, satria afaka mianatra azy ianareo rehefa tonga any an-trano.

30 Isaia, ny toko faha-6. Maniry aho ny hamaky andininy vitsy avy amin'ity toko ity, mba hisintonana an'ilay lohahevitra ho an'izao hariva izao.

> *Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana, avo sy manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly.*
>
> *Ireo serafima no nitsangana teo amboniny: ny tsirairay avy dia nanana elatra enina; ny roa nanaronany ny tavany, ary ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany.*
>
> *Ary ny anankiray niantsoantso tamin'ny iray hafa, ka nanao hoe, Masina, masina, masina, ny* Tompo Andriamanitry *ny maro: heniky ny voninahiny ny tany manontolo.*
>
> *Ary nihorohoro ireo andrin'ny* tempoly *nohon'ny feon'izay niantsoantso, ary feno setroka ny trano.*
>
> *Dia hoy aho hoe, Lozako! fa maty aho; satria lehilahy maloto molotra aho, ary monina eo afovoan'ny vahoaka maloto molotra: fa* ny *masoko no nahita ny Mpanjaka, ny* Tompon'ny maro.

Dia nanidina nanatona ahy ny iray tamin'ireo serafima, nanana vain'afo teny an-tànany, izay nalainy tamin'ny tandra *avy teo amin'ny alitara:*

Ary napetrany teo amin'ny vavako izany, ka hoy izy, Indro, ity dia *efa nikasika ny molotrao; ka afaka ny helokao, ary ny fahotanao* dia *voavela.*

Nandre ny feon'ny Tompo koa aho, nanao hoe, Iza *no hirahiko, ary iza no handeha ho anay? Dia hoy aho hoe, Inty aho; iraho aho.*

31 Ity dia tena a—asa iray, rehefa mieritreritra isika ny amin'ny . . . ny mety ho dikany, raha mandinika an'ity fahitan'i Isaia ity isika. Izany dia . . . Efa tia an'i Isaia foana aho. Izy no anankiray amin'ireo mpaminany lehibe. Isaia no nanoratra ny Baiboly feno. Misy Boky enina amby enimpolo ao anatin'ny Baiboly, ary Isaia no nanoratra toko enina amby enimpolo. Manomboka amin'ny fiandohan'ny famoronana izy; ao afovoan'ny Boky, dia mamoaka ny Testamenta Vaovao sy Jaona Mpanao-batisa izy; ary ao amin'ny toko faha-56 sy faha-60, dia mamarana amin'ny Arivo taona lehibe izy: Genesisy, mandalo amin'ny Testamenta Vaovao, hatrany amin'ny Apokalypsy. Lehilahy malaza, ity Isaia ity; farany dia maty maritiora izy, teo ambanin'ny fanasaziana lehibe.

32 Ny lehilahin'ny Baiboly tsirairay feno ny Fanahy dia maty na nenjehina teo ambanin'ny governemantam-panjakana; ny tsirairay avy amin'ireo izay azonareo eritreretina: Mosesy; ireo zanaka Hebreo; sy Daniela; ary Isaia. Isaia dia notsofaina potipotika tamin'ny tsofa iray. Ary mitohy midina, Jaona Mpanao-batisa, ny tsirairay avy tamin'ireo apostoly, Jesosy Izy tenany, ny rehetra dia maty teo ambanin'ny fanasaziana lehibe, na fanasaziana avy tamin'ny governemantam-panjakana. Ary arakaraky ny handehanan'ireo zavatra, dia hisy fijoroana vavolombelona amboniny hanampy ny azy ireo, indray andro any. Ah-hah. Raha mba nisy fotoana iray izay tsy maintsy hiraiketantsika miaraka, dia izao ankehitriny izao.

33 Ataoko fa mandre an'ilay fivoriana izay miseho any Roma ianareo. Ary isika dia . . . manana . . . Manana fotoana lehibe izy ireo any, ary hanomboka fifohazana iray izy ireo. Izany dia ho fifohazana maneran-tany iray, azo antoka. Miverina amin'ity lohahevitra ity . . . Hanana an'izany isika ao amin'ireo Tombokase Fito. Ho an'ity lohahevitra ity ny amin'ny hoe "voataona."

34 Ozia mpanjaka dia zazalahy mpiandry ondry iray. Notezaina izy, ary tiany ireo ankalamanjana. Ary izy no nanjaka nandritry ny faminanian'i Isaia. Isaia dia nahazo fianarana avy—avy tamin'ny iray tamin'ireo mpaminany lehibe hafa. Ary mino aho fa i Zakaria ilay izy, izay tamin'ny alàlany no nahazoan'i Isaia fahalalana, izay efa mpaminany iray raha tonga teo amin'ny

sehatra i Isaia. Ary nantsoina i Isaia, ary mpaminany iray izy. Ireo mpaminany dia tsy nataon'olona fotsiny; ireo mpaminany dia teraka mpaminany.

35 Ankehitriny, dia misy ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana izay tonga ao amin'ny fiangonana, ka manome faminaniana iray ny olona. Mambra maro an'ny Vatan'i Kristy no afaka manao an'izany, izay eo ambanin'ny tsindrimandry.

Fa ny mpaminany iray dia napetraka ao amin'ny Fiangonana tamin'ny alàlan'Andriamanitra, voafidy mialoha ho an'ilay fanomezam-pahasoavan'ny mpaminany, na ilay fanomezam-pahasoavana ho mpaminany iray, fa tsy mpanao faminaniana iray.

36 Ankehitriny, ankehitriny dia hitantsika fa ity lehilahy tanora ity no nandray ny seza fiandrianana. Raha tianareo ny handray naoty ny sasany amin'ireo Soratra, dia ao amin'ny Tantara Faharoa, ny toko faha-26, no ahafahanareo mamaky an'izay miteny an'io Ozia Mpanjaka io, taorian'ny nahafatesan'ny rainy. A-m-a-z-i-a, Amazia, taorian'ny nahafatesany, izay lehilahy marina iray, nefa nihodina niala tamin'ny Tompo ka novonoin'ny vahoakany manokana, Ozia no naka ny, na Ozia, raha ny marina, no naka ny toerany ho mpanjaka. Ary napetraka teo amin'ny seza fiandrianana izy sy nosorana, tamin'ny fahenina ambin'ny folo taonany, zazalahy iray fotsiny. Saingy efa teo amin'ny laharana ho mpanjaka izy, na dia mbola ankizy iray fotsiny aza. Ary nanao tsara izy. Ny Baiboly dia miteny amintsika fa nanana ray mpivavaka sy reny mpivavaka izy. Ka tsy mety ho na inona na inona hafa izy, saiky, niaraka tamin'ny fitaomana tahaka an'izany, afa-tsy ny ho zazalahy iray mpivavaka, satria izany no efa napetraka teo anoloany tamin'ny fotoana rehetra.

37 Fantatrareo ve izay eritreretiko? Manana ny heviny manokana ny olona tsirairay. Fa ny iray amin'ny malaza indrindra, ary araka ny hevitro, ny filoha malaza indrindra izay hany nananan'ity firenena ity, dia Abraham Lincoln. Ankehitriny, tsy satria hoe Repoblikana iray izy, fa satria izy dia izay naha-izy azy, lehilahy mpivavaka iray. Ary izy dia notezaina, ary izy . . . mba hanompo an'Andriamanitra. Ary hoy izy hoe, "Raha misy zavatra iray izay tiako deraina," hoy izy, "na izay nahataona ny fiainako, dia reny mpivavaka iray izay nampianatra ahy hivavaka sy hahafantatra an'i Jesosy ho Mpamonjiko."

38 Oh! Ny fianakavianareo no maha-izy anareo. Mitaiza ny zanakareo ao amin'ny tontolo iainana anankiray ianareo; misy anjara tsaratsara kokoa sivifolo isan-jato handehanana mahitsy nohon'ny hitondranareo azy amin'ny làlan-dratsy. "Zaro amin'ny làlana tokony alehany ny zaza, fa rehefa antitra izy, dia tsy hiala amin'izany." Aoka ho zarina tsara. Ampianaro

hanao ny tsara ny zanakareo, mba ho mahitsy fo, mba ho marina sy tsara, na dia any am-pianarana aza izy ireo.

39 Ankehitriny, matetika, ireo ankizy dia mirona hifampaka tahaka, ary—ary miezaka ny hanery ny làlany any am-pianarana. Saingy, fantatrareo, heveriko, fa raha hahazo an'ilay izy fotsiny ianareo, amin'ny tenanareo, dia izany no zavatra iray izay ianareo—azonareo ankasitrahana, ny taratasin-diplaoma tsaranareo.

40 Fantatrareo, raha hahazo fanadinana ianareo ny andro manaraka, raha tokony handehandeha ny alina manontolo, mifoha ny ampitso maraina, ka mieritreritra hoe, "Eny, hipetraka eo akaikin'i *Ranona-sy-ranona* aho. Manan-tsaina izy ireo, ary izy ireo dia . . . Afaka maka tahaka amin'izy ireo aho," raha ianareo fotsiny no . . . Alohan'ny hanomezan'i dada ny fisaorana eo amin'ny latabatry ny sakafo maraina, raha hilaza fotsiny ianareo hoe, "Dada, tsarovy aho, androany, hanana fanadinana iray aho eo amin'ny simia," na inona na inona ilay izy.

Amin'izay fotoana izay, rehefa mivavaka ianareo, ry dada, dia manaova hoe, "Andriamanitra, tahio i John, Mary, ao amin'ireo fanadinany androany." Teneniko aminareo, izany no hamadika an'ilay fandehan-javatra.

41 Tsarovy, afaka mahazo an'izay tiantsika isika, raha hangataka amin'ny finoana, mino. Hoy Jesosy hoe, "Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay hino." "Tsy mahazo ianareo, satria tsy mangataka." Ary tsy mangataka ianareo, satria tsy mino. Hoy Izy hoe, "Mangataha be dia be, mba hahatanteraka ny fifalianareo." Tiako izany.

42 Ny fampianarantsika tsara dia: lazao ny zavatra tsara, ataovy ny zavatra tsara, eritrereto ny zavatra tsara. Mieritrereta tsara foana. Manana teny filamatra kely iray aho hoe, "Manaova tsara, izany no andraikitrareo amin'Andriamanitra. Mieritrereta tsara, izany no andraikitrareo amin'ny tenanareo. Dia tena ho tafavoaka tsara ianareo."

43 Tsy afaka handeha any atsinanana sy andrefana amin'ny fotoana iray ihany ianareo, tsy afaka hanao ny tsara sy ny ratsy amin'ny fotoana iray ihany koa ianareo. Tsy mampaninona na impiry no hiheveranareo fa mandeha amin'ny làlana hafa ianareo, raha tsy mandeha avy hatrany mankany andrefana ianareo, tsy mandeha mankany antsinanana ianareo raha mandeha any andrefana.

44 Noho izany ity mpanjaka tanora ity, satria voataonan'ny rainy fony izy lehilahy tanora iray, dia nampianatra ny Isiraely an'ireo didin'Andriamanitra. Nefa avy eo, tampoka teo, dia nihodina izy tamin'ireo androny farany ka nampianatra nanohitra an'Andriamanitra. Ary ny vahoakany manokana . . . Novonoin'ny vahoakany manokana izy. Toy ny hoe tokony ho

lesona lehibe iray ho an'i Ozia izany, mikasika an'io. Saingy hitantsika, fa, rehefa naka ny seza fiandrianana i Ozia, dia nanomboka avy hatrany tao amin'ny làlan'ny dadany izy, namerina an'ireo zavatr'Andriamanitra, namerina ny Isiraely teo amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Nanitsy ny tenany izy.

45 Ary tiako foana ny hankasitraka azy tao amin'ireo andron'ny hatanorany, satria tsy nanao politika mihitsy izy. Na dia mety nanohitra azy aza ny politika, saingy, kanefa, nijanona tsara teo amin'ny laharan'Andriamanitra izy. Ary nampientanentana an'ity mpaminany kely, tanora ity izany, noho izany, hany ka lasa mahery fo iray izy. Ohatra iray ho an'i Isaia mpaminany izy.

46 Ary nandeha nankany amin'ny lapan'andriana i Isaia mba hijanona hiaraka aminy, nankany amin'ilay lapan'ny mpanjaka. Niantso azy hiditra izy. Tiany i Isaia. Isaia dia tanora, ihany koa. Ary—ary izy . . . Mpinamana izy ireo, niaraka. Ary ahoana fa io mpanjaka io, rehefa nandeha nivoaka izy tany . . .

Ary izy ireo, ny sasany tamin'ireo lehilahin'ny politika, dia niditra ka nanao hoe, "Isika dia tsy maintsy manao an'*izao-sy-izao*."

Nitady ny Tompo aloha Ozia Mpanjaka. "Tompo, Sitraponao ve ny anaovanay an'izao-sy-izao?"

Andriamanitra, omeo filoha iray tahaka an'izany izahay. Tsy izany ihany, fa omeo mpitory teny izahay. "Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fahamarinany, dia hanampy ny zavatra hafa rehetra."

47 Tsy maintsy ho fitaomana lehibe iray io, satria tia azy i Isaia. Satria, hitany fa lehilahy malaza iray izy, ary izy—izy dia nijoro tsara sy mafy ho an'Andriamanitra. Ary fantatrareo, isan'andro, ao amin'ireo andro izay iainantsika, ao amin'ireo zavatra izay ataontsika, dia tsarovy, fa tsy ny pasitera irery ihany no jeren'ny besinimaro, ny fomba iainany. Izy . . . Mijery an'ilay mpivavaka ihany koa izy ireo.

48 Oh, mampalahelo toy ny ahoana rehefa mieritreritra an'ilay fiangonana isika! Matetika, raha mikambana amin'ny rafi-pandaminana iray ilay pasitera na antoko iray, ka maniraka azy any amin'ny fiangonana anankiray io rafi-pandaminana io, dia matetika ireo tànan'io pasitera io no voafatotra, amin'io rafi-pandaminana io. Nefa te-hanompo ny Tompo ilay lehilahy kely. Mieritreritra izy, satria efa nampianarina fa ny fomba tokana azony anaovana an'izany, dia amin'ny alàlan'ny fanompoana ny rafi-pandaminany. Ary raha mitsangana izy ka mitory an'izay nolazain'ny Teny, dia hifidy azy ho roahina ilay fiangonana; ary noho izany dia matahotra izy ny tsy hanana anjara iray hitoriana ny Filazantsara intsony avy eo.

49 Oh, ny ilaintsika eo amin'ireo polipitra, androany, dia lehilahy tahaka an'i Ozia. Tsy mampaninona izay politikan'ny fiangonany, na ny politikan'ny zavatra hafa, naneho ny

tànan'Andriamanitra izy, manerana. Niandry Izy mandrapahitany ny HOY NY TOMPO HOE, avy eo vao nataony ilay izy.

Kely, ity mpaminany kely ity, lehilahy tanora saiky mitovy taona aminy, tao an-tempoly niaraka taminy, niara-nandohalika izy ireo ary nivavaka, tsy isalasalana, ary nanontany ny sitrapon'ny Tompo, ary avy eo dia nampitaha an'izany tamin'ireo laläàn'ny Baiboly. Tamin'izay fotoana izay, raha nety tsara ilay izy, dia nalefan'i Ozia. Raha tsy nety tsara ilay izy, dia nanameloka an'ireo politika teo amin'izany izy. Andriamanitra, omeo betsaka tahaka an'izany izahay. Ary izany no nampientanentana an'i Isaia satria teraka mpaminany iray izy.

50 Ary Ozia dia lasa ma—mahery fo iray ho an'i Isaia. Hitanareo, nohon'ny—ny fijoroany ho an'Andriamanitra, dia lasa mahery fo iray izy teo imason'ilay marina. Ary mety tsy nisy marina betsaka loatra teo. Hitanareo? Fa ny zavatra tiantsika hatao, dia ny manao ny fiainantsika ho voaisa ho an'Andriamanitra. Misy olona mandinika anareo.

51 Nampitandrina olona iray aho indray andro. Tao amin'ny fonenana iray, izy ireo dia efa nanana . . . ny—fiangonana ara-anaram-piangonana iray no nanana fetin'ny rock-and-roll goavana iray teto, ary nandihy izy ireo hatramin'ny teo amin'ny iray ora maraina teo. Ary namazivazy olona iray izay tonga eto amin'ny tabernakla izy ireo, ary nilaza fa izy ireo dia "holy-rollers," izay tonga eto, satria tsy nanana anaram-piangonana izahay. Oh, nanome ahy anjara iray izany! Afaka misaintsaina fotsiny ny amin'izay nitranga ianareo. Fa, ilay zavatra amin'izany dia, ankehitriny, ireo olona ireo, tsy isalasalana fa ilay ramatoa tanora izay nanao an'ilay fanamarihana, raha mba fantany fotsiny mantsy ny Fahamarinana!

52 Tany amin'ireo tendrombohitra aho, herinandro vitsy lasa izay, ary niverina. Rehefa tonga tao an-trano aho . . . Niverina izahay, izaho sy ny fianakaviana, mba hiala sasatra kely, any amin'izay handehanana indray, raha sitraky ny Tompo, amin'ny herinandro manaraka. Ary tamin'izay fotoana izay, tany indray hariva, dia nahita fahitana iray aho. Ary izany dia ve—vehivavy iray maha-te-ho tia, tsara tarehy, toy ny, vehivavy tanora, nihazakazaka. Nampifanakaiky ny tànany izy, ary teo ampahalevonana tamin'ny aretim-po iray izy. Vehivavy iray tsara tarehy, ary nianjera izy dia lasa. Dia hoy ilay Anjelin'ny Tompo hoe, "Ankehitriny, rehefa mandre ny amin'io ianao, dia tsarovy. Hilaza izy ireo fa namono tena izy. Saingy maty tamin'ny aretim-po iray izy. Saiky tamin'ny efatra izany, noho izany dia afaka milaza fotsiny ianao hoe tamin'ny efatra ora." Ary avy eo dia nandao ahy Izy.

53 Ary tsy namoha ny fianakaviana aho, tao amin'ilay amin'ny tobin'omby kely, na izay ijanonan'ireo cowboys, izay nandehananay tany hanangona ny biby fiompy. Izaho—navelako hatory hatramin'ny maraina fotsiny izy ireo. Ary avy eo ny andro manaraka, dia nolazaiko ilay izy. Dia hoy aho hoe, "Vehivavy tanora iray, tena mahasintona, no ho faty amin'ny aretim-po iray." Ary teny amin'ny làlana nivoaka, roa andro taty aoriana, dia nandeha tao amin'ny radio ilay izy. Hoe io Ramatoakely . . . Tsy afaka mieritreritra ny anarany aho. [Hoy ny olona iray hoe, "Monroe."—Mpand.] Monroe, Rtoa. Monroe. Heveriko fa izany no anaran'artistany, na inona na inona ilay izy. Zavatra hafa ny anarany. Ary maty izy, ka nilaza izy ireo fa namono tena izy.

54 Ankehitriny, tsy manao fahasamihafana mihitsy na impiry no hilazako an'ilay izy, mbola hilaza foana izy ireo fa namono tena izy. Saingy tsy namono tena ilay ankizy. Maty tamin'ny aretim-po iray izy. Ary raha nandinika ianareo, dia nanao ny tànany izy, niezaka hanakatra an'ilay telefona, ilay telefona ho eny an-tànany. Tratry ny aretim-po iray izy. Nilaza izy ireo fa nisy pilina fampatoriana teo. Nihinana azy ireo nandritry ny iray volana izy, hitanareo, na mihoatra, avy tao amin'io tavoahangy io. Maty tamin'ny aretim-po iray izy. Ary maty teo amin'ny efatra na dimy segondra alohan'ny tamin'ny efatra, marina tokoa.

55 Ary namaky ny tantaram-piainany aho, tao amin'ny magazina, hoe ahoana fa ny . . . Zazasary iray izy. Ary ahoana fa nanasa vilia betsaka izy. Ary ny reniny dia tao amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina. Ary naniry mafy izy ny . . . Izy no vehivavy tsara vatana indrindra, heveriko, teto amin'izao tontolo izao. Fa naniry mafy zavatra iray izay tsy azon'ny vola ho vidiana izy. Nieritreritra aho hoe, "Oh, naniry aho ny mba ho afaka nihaona taminy. Fantatro izay nilainy." Eo ianareo izao.

56 Angamba ho mambran'ireo fiangonana malaza, tsara indrindra, Hollywood malaza, izay misy ny haingo sy girilandy rehetra. Saingy nahita an'ireo olona izy ireo. Afaka nahita izy fa izy ireo dia tsy niaina fiainana hafa noho izay niainany. Mila fitaomana izany. Mila ny herin'ny fitsanganan'i Kristy eo anivon'ny olona izany, mba hahitan'izy ireo fa tsy sarivongana iray mihantona eo amin'ny tranobe iray Kristy, fa Olona iray velona Izy ao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, velona ao anatin'ny lehilahy sy vehivavy, mitondra fiadanana, sy fianinam-po, ary fahasambarana. Oh, raha mba afaka tonga teo amin'ilay ramatoa tanora fotsiny mantsy izahay talohan'ny nandaozany an'izao tontolo izao!

57 Ankehitriny, fitaomana. Hitantsika fa—fa ny fiainan'i Ozia dia nahataona an'ity mpaminany ity, ary hany ka teo amin'ny toerana iray ity Ozia—Ozia, raha ny marina, dia nanorina rindrina ary nampahatanjaka ny tenany, ka namerina an'ireo tany sy fananana izay azy ireo, avy tamin'ireo Filistina, sy ny

sisa, hany ka tonga hatrany Egypta ny lazany. Ary teneniko aminareo, amin'ireo Tantaran'ny Mpanjaka rehetra, dia tsy nisy iray tamin'izy ireo, ankoatran'i Solomona, izay nivelatra tahaka an'i Ozia. Nahoana? Satria izy no nametraka an'ilay ohatra. Nijanona niaraka tamin'Andriamanitra izy, tsy mampaninona izay noeritreretin'ny vahoakany, izay noeritreretin'ny olon-kafa, izay niezahan'ireo politisianiny hitaomana azy. Nijanona avy hatrany niaraka tamin'Andriamanitra izy, ka nitahy azy Andriamanitra. Fanampiana lehibe iray ho an'ity mpaminany tanora ity izany.

58 Toy ny ahoana no itahian'Andriamanitra ny olona iray izay hahatoky eo amin'ny Tenin'Andriamanitra! Ankehitriny, mety tsy tena malaza izy, saingy ho voatahy izy. Ary ankehitriny dia tsy maintsy manao ny safidiny ny olona, na ianareo te-hihetsika tahaka ny sisa amin'ireo olona ireo, na ianareo te-ho tahian'Andriamanitra. Ankehitriny dia afaka manao ny safidinareo fotsiny ianareo. Raha hiaina tahaka ny sisa amin'izy ireo ianareo, dia ho voatahin'izy ireo. Fa raha atodikareo ny . . . ny fanirianareo rehetra ho amin'Andriamanitra, dia ho voatahin'Andriamanitra ianareo. Noho izany ianareo dia tsy maintsy, "Mifidy amin'ity andro ity izay tompoinareo," araka ny nolazain'ny mpaminany. "Isan'andro dia tsarovy ny Mpamorona anao, aloha, isan'andro."

59 Ankehitriny, saingy, rehefa tonga teo amin'ny toerana iray ity mpanjaka ity, satria tena lehilahy iray malaza, ary nitaona an'i Isaia sy ireo marina, mazava ho azy, an'ny fanjakany, dia tonga teo amin'ny toerana iray izay nahatsapany fa naharo-tena izy.

Ary eo no anaovanareo ny fahadisoanareo. Eo no hitsakoan'ireo marina betsaka ny vovoky ny henatra, hitsakoany ny vovoky ny faharesena, dia satria manomboka mahatsapa ho maharo-tena izy ireo. Manomboka mieritreritra ianareo fa efa niaina elabe ho an'i Kristy ianareo, ka, tsy mampaninona izay Atolony eo anoloanareo, dia hanao ny safidinareo ianareo na tianareo Izany na tsia. Tsy maintsy manohy manompo an'Andriamanitra ianareo. Tsy mampaninona izay naha-izy anareo, tany amin'ny folo taona tany, ilay izy dia izay maha-izy anareo ankehitriny.

60 Tonga teo amin'ny toerana iray izay nieritreretany tao amin'ny tenany ilay mpanjaka, hoe, nisandratra izy. Niditra tao am-pony ny fireharehana.

Ary izany no mitranga amintsika. Raha hamela an'ity fitenenana ity ianareo, fa izany no mitranga amin'ireo fiangonantsika manerana ny firenena. Olona tsara izy ireo ao anatiny ao. Ny sasany amin'ireo tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao dia mandeha any am-piangonana. Heveriko fa ny tsara indrindra eto amin'izao tontolo dia mandeha any am-piangonana. Saingy ilay zavatra amin'ilay izy dia,

ilay—ilay rafitry ny rafi-pandaminana no lasa misandratra. Izany no nitranga tamin'ny—ny Metodista. Izany no nitranga tamin'ny Batista. Izany no nitranga tamin'ny Nazareana, tamin'ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, tamin'ny Pentekotista; nisandratra, mafy loha, mihevi-tena, mirehareha, mba tsy ahafahanareo miteny na inona na inona. Tsy afaka mahita làlana iray hidirana ao am-pon'izy ireo Andriamanitra. Izany dia satria lasa tena mahay-ny-rehetra izy ireo ka tsy misy olona afaka miteny na inona na inona amin'izy ireo. Ary eo am-panorenana ny tenany manodidina ny fandanjalanjana, miaraka amin'ireo rahalahy, dia manorina ny tenany manodidina ny fanekem-pinoany izy ireo. Ary rehefa manao an'izany izy ireo, dia avelan'izy ireo any aoriana Andriamanitra.

61 Izany no mitranga amin'ireo dokotera. Rehefa lasa tena mihevi-tena izy ireo ka tsy mila fanampiana avy amin'Andriamanitra, dia amin'izay no tsy ilàko—ilàko anankiray hiadaladala amiko. Marina. Eny. Rehefa mamela an'Andriamanitra any ivelan'ny zavatra iray ianareo, ianareo, dia tiako ianareo hamela ahy any ivelany, ihany koa. Hitanareo? Satria, tsy maintsy mahatsiaro an'Andriamanitra foana ianareo aloha.

Izy no asandratra.

62 Maro be, amin'izao andro izao, alaivo ny—ny fianakaviana iray izay hanomboka handeha any am-piangonana, ka hanasitrana an'ilay fianakaviana kely Andriamanitra. Hitahy azy ireo Izy ary hanome azy ireo ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainany. Ireo ankizy kely dia hivavaka, manodidina ny latabatra. Hivavaka izy ireo alohan'ny andehanany any am-pandriana. Hanakambana ny tànany ny reny sy ny ray ka hivavaka. Ary raha mbola manohy tahaka an'izany foana izy ireo, dia hijanona ho fianakaviana iray. Fa avelao izy ireo hahazo . . . Ny zavatra voalohany fantatrareo, dia tsy nanana na inona na inona izy ireo; fakofakom-piara tranainy iray, angamba, no notaingenana manerana eny, na angamba mandeha an-tongotra.

Farany dia hahazo fiara tsara iray izy ireo, trano iray tsaratsara kokoa. Ka ny zavatra voalohany fantatrareo, avy eo izy ireo dia te-ho tonga eo amin'izay antsoin'izy ireo, izao tontolo izao, no miantso hoe, "kilasy iray tsaratsara kokoa," hikambanana. Mifindra mankany amin'ny fiaraha-monina hafa iray izy ireo, ary ao, no ahitan'izy ireo fa lasa voataonan'ny fitaoman-dratsy izy ireo.

Tsy maintsy mijanona eo amin'izay misy ny Fanjakan'Andriamanitra foana ianareo, ary eo amin'izay ilatsahan'ny voninahitr'Andriamanitra. Mijanòna eo amin'izay ahafahanareo ho voky ara-panahy, andro aman'alina. Amin'izay fotoana izay ny zavatra voalohany fantatrareo, dia miditra ao

amin'ilay tokantrano ireo fisarahana, sy ny an'izao tontolo izao, ka lasa misandratra izy ireo.

63 Izany no nataon'i Ozia. Lasa nisandratra izy; fireharehana betsaka. Ary ankehitriny dia hitantsika izay nezahany hatao. Ankehitriny, inona marina no nahazo azy, rehefa lasa nisandratra izy, tao am-pony, izay nolazaina tamintsika ao amin'ny Baiboly. Ao amin'ny Tantara ny toko faha-26, dia mahita isika, Tantara Faharoa 26. Mahita isika fa nandeha nankao an-tempolin'ny Tompo izy, niaraka tamin'ny fandorana zava-manitra iray teny an-tànany, mba handoro zava-manitra ho an'ny Tompo. Ary rehefa nanao izy, ilay mpisoron'ny tempoly, niaraka tamin'ny mpisorona valopolo hafa, dia nanaraka ary niteny taminy hoe, "Aza manao an'izao. Diso ianao. Tsy mpisorona ianao. Mpanjaka ianao, fa tsy mpisorona."

64 Dia tezitra izy, ka nisavoana, ary tsy nahatana ny fahatezerany. Ary narehiny ilay fandorana zava-manitra, handehanana hatraiza hatraiza, ka namely azy tamin'ny habokana teo no ho eo Andriamanitra raha mbola nijoro teo tao anatin'ny fahatezerany izy. Ary maty izy, boka iray. Tsy maintsy namoaka azy avy tao an-tempoly izy ireo.

65 Eo no ilaintsika lesona iray ankehitriny. Raha ity lehilahy ity, izay notahian'Andriamanitra tao amin'ny andraikiny, saingy tsy afa-po tamin'izany izy. Te-haka ny toeran'olon-kafa izy. Tsy mety ho lasa na inona na inona ianareo . . .

Tahaka an'i Upshaw mambran'ny Kongresy, tsaroanareo izy, ilay anankiray izay efa—efa kilemaina nandritry ny enimpolo taona ary sitrana tao amin'ny fivoriana tany, fantatrareo. Mambra iray an'ny Kongresy eto Etazonia izy. Hoy izy hoe, "Tsy mety ho lasa na inona na inona izay tsy maha-izy anareo ianareo." Noho izany dia saiky marina izany. Tsy maintsy mijanona ao amin'ny antsonareo ianareo, eo amin'izay niantsoan'Andriamanitra anareo.

66 Ankehitriny, raha mbola nijanona ho mpanjaka foana izy, dia fitahiana iray ho an'ny vahoaka, amin'ny maha-mpanjaka iray. Fa rehefa nihevitra izy fa mpisorona iray, amin'izay fotoana izay . . . nihevitra izy hoe, satria efa nitahy azy Andriamanitra, dia afaka ho ny zavatra rehetra izay tiany haha-izy azy izy. Saingy fitahiana iray ho an'ny vahoaka izy, amin'ny maha-mpanjaka iray; fa tsy fitahiana iray, lasa ozona iray teo amin'izy ireo izy rehefa niezaka naka ny toeran'ilay mpisorona.

Ary manana betsaka an'izany isika. Ny olona rehetra dia te-hitondra an'ilay baolina. Hitanareo?

67 Rehefa manao lalao baolina iray ianareo, satria vanim-potoan'ny baolina kitra izao, ny zavatra izay tiantsika atao, dia tsy hoe ny olona rehetra no miezaka manala ny baolina amin'ilay lehilahy izay manana azy. Miezaka miambina an'io lehilahy io

izy, miaro azy, mamela azy handeha. Miezaka hahatafiditra baolina iray isika. Hitanareo?

68 Saingy azonareo eritreretina ve ny ekipa iray tena tsy nofanina raha mahita olona anankiray, ny olony manokana, miaraka amin'ny baolina mihazakazaka mankeo amin'ny toerana fampidiram-baolina, nefa avy eo raha tokony hiezaka nandòna an'ilay fahavalo hanalavitra azy, ilay ekipa manohitra, mba hamela ny olonareo manokana izay manana an'ilay baolina handeha hiaraka amin'izany, dia miezaka ny olona rehetra haka an'ilay baolina avy eny an-tànany? Nahoana, tsy maintsy hahavery ianareo.

69 Ary amin'izao andro izao dia manana an'ilay zavatra iray ihany isika. Rehefa mahita an'Andriamanitra tonga eo amin'ny sehatra isika ka hitahy zavatra iray, dia ndao isika hanao ny fahavalo rehetra hanalavitra an'izany. Ndao isika hampiasa an'ireo fitaomantsika ho fisakanana, tsy mpihazakazaka, fa fisakanana izay miaro an'ilay mpihazakazaka, mamela azy hitondra ny baolina hatramin'ny farany; satria tsy misy mpanohitra, ny hany tokony ataony dia ny manohy mihazakazaka fotsiny. Ary isika no tokony ho fisakanana.

70 Miresaka manerana an'izao tontolo izao aho, fantatrareo, ho an'ny Full Gospel Business Men, manodidina an'izao tontolo izao, mandamina an'ireo fivoriana. Vao tsy ela akory izay, rehefa, mino aho, tany Kingston ilay izy, Jamaica, rehefa nahazo an'i Castro sy ny rehetra tamin'izy ireo tao amin'io fivoriana tany io izy ireo. Na, tany amin'ny toerany izahay, tahaka an'izany ilay izy, ary tany ireo olo-malaza rehetra nanerana an'ilay nosy. Ary niezaka nitory ny Filazantsara ireo mpandraharaha ireo. Tsy teo amin'ny toerany izy. Nanana fotoan-tsarotra betsaka izahay mpitory teny hihazonana an'ilay izy hahitsy. Ary izy ireo dia mampiasa ny fitaomana kely tsirairay izay mety hitany, sy ny teknika kely tsirairay tahaka an'*ity* sy tahaka an'*itsy*, ary mihazona azy ho tena nikorontana, tsy fantatrareo izay hatao.

71 Matetika, ao amin'ny—ao amin'ny fiangonana, afaka manana fifohazana iray izay mandeha ny fiangonana kely iray. Hisy olona iray te-handeha *eto* ka hitarika fivoriam-bavaka iray, nefa avy eo dia manana hevitra iray hafa noho izay lazain'ny Baiboly marina tokoa izy, nefa izy dia mino an'Izany tahaka an'*ity*, na izany aza, ary hanomboka fitaomana iray izy ka hitarika ny hafa hanalavitra an'Izany.

Ny zavatra hatao dia ny miaro an'ity Hafatra ity, amin'ny fomba izay Andehanany. Mijanòna tsara miaraka Aminy, ary domy hiala lavitra Azy ny zavatra rehetra, raha mba handeha hiampita ny tsipik'ilay tsato-kazo isika. Eny àry.

72 Dia hoy aho hoe, "Ry rahalahy, misy zavatra tsy mety ao. Mpandraharaha ianareo lehilahy. Voalohany, dia tsy azonareo ilay fanatonana. Tsy azonareo ilay fanatonana eo amin'ny asam-

panompoana, satria ny asam-panompoana dia fanomezam-pahasoavana iray nantsoin'Andriamanitra."

"Andriamanitra dia nametraka tao amin'ny Fiangonana, voalohany ireo apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelista, ary pasitera." Andriamanitra no nametraka azy ireo tao ho an'ny fanatanterahana ny Fiangonana.

Tokony hijoro vavolombelona ireo mpandraharaha. Ireo vehivavy, mpiasa an-trano, tsy mampaninona na mpiasavavy ao an-tranon'olon-kafa aza ianareo, mijoroa vavolombelona. Ataovy ny zavatra rehetra izay vitanareo ho an'ny Fanjakana, saingy aza manatsofoka ny hevitrareo manokana mihitsy. Lazao fotsiny izay lazain'ny Hafatra, ary manohiza mandroso, hitanareo, ary amin'izay fotoana izay angamba dia hanana fitaomana iray ianareo. Fa aza manandrana mitory teny ankehitriny raha tsy Andriamanitra, fantatrareo, no miantso anareo. Mijanòna tsara fotsiny miaraka amin'izany, ny fijoroanareo vavolombelona. Satria, raha tsy manao ianareo, dia ho tafiditra ao amin'ilay sokajy ratsy ianareo, ary avy eo dia hanimba ny zavatra rehetra ianareo. Izay ilay izy. Ary izany dia tsy mahafaly an'Andriamanitra, mihitsy.

73 Ity no manaporofo an'izany eto. Rehefa ity mpanjaka ity, ankehitriny, rehefa nanarina izy sy nilazan'ilay mpisoron'ny tranobe ny Fahamarinana, ary niezaka niteny taminy fa diso izy, hoe Andriamanitra dia niantso an'io ho an'ny taranak'i Arona irery ihany, ary izy ireo dia voatokana ho an'io asa io irery ihany. Izay ihany no tokony ataon'izy ireo. Izy ireo no voatokana ho an'io. Fa ny mpanjaka iray, tsy mampaninona na marina toy ny ahoana aza izy, na impiry no nitahian'Andriamanitra azy, dia tsy manana zò handoro zava-manitra izy. Naka ny toeran'ny mpisorona izy, nefa tsy tokony hataony izany. Ary rehefa nanarina izy, dia lasa tezitra. Nisavoana ny fahatezerany. Ary raha mbola nisavoana mihitsy ny fahatezerany, dia nipoitra teo amin'ny tavany ny habokana. Rakotry ny habokana izy. Ary tamin'izay fotoana izay dia nalatsany ilay fandorana zava-manitra, nihazakazaka nivoaka an'ilay tranobe. Hitanareo?

Miezaka maka tahaka olon-kafa, tsy tokony hanao an'izany isika.

74 Tao amin'ny fahatezerany, dia nanao ratsy izy, ary voakapoka izy. Oh, lesona iray tokoa izany ho an'ity mpaminany tanora ity, mba hahita, ankehitriny, fa tsy mampaninona na nalaza toy ny inona aza ilay lehilahy, dia tsy maintsy mijanona ao amin'ny antsony izy.

75 Fantatro fa atao anaty horonam-peo ity, ary fantatro fa mandeha manerana an'izao tontolo izao izany, any amin'ireo aty ala, sy Hottentos, sy ny zavatra hafa rehetra. Ity Hafatra eto ity, izao hariva izao, dia ho voadika amin'ireo fiteny, saingy milaza an'izao amin'ny foko rehetra aho. Ahoana no ahafahana . . .

Maro ny olona no manao hoe, "Nahoana ianao no tsy mikambana amin'ny rafi-pandaminana anankiray? Nahoana ianao no tsy miaraka amin'ireo Pentekotista? Nahoana ianao no tsy miaraka amin'*ity* vondrona ity? Nahoana ianao no tsy mamela fotsiny an'ireo zavatra kely ireo handeha?"

76 Ahoana no ahafahako manao an'izany? Tsy maintsy mijanona miaraka amin'ity Hafatra ity aho. Rehefa, niseho tany amin'ilay renirano tany ilay Anjelin'ny Tompo, tao amin'io Hazavana izay hitanareo eo io; ary rehefa voaporofon'ny governemanta Izany sy tany an-kafa rehetra, tamin'ny siansa, fikarohana siantifika, fa Izany no Fahamarinana. Ary Izy no niteny tamiko mba hijanona miaraka amin'ity Teny ity. Noho izany dia ahoana no ahafahako hanakalo an'Izany amin'ny fanekem-pinoana iray? Raha manao an'izany ireo lehilahy ireo any, dia avelao izy ireo hanao an'izany. Fa isika dia nantsoina mba hitory ny Teny. Aza manao marimaritra iraisana. Mijanòna eo amin'ny Teny.

77 Noho izany ankehitriny dia hitanareo fa zava-doza iray ny manandrana hanao marimaritra iraisana sy hanao zavatra hafa iray, na manandrana ho lasa misandratra ao amin'ny tenantsika, ka manao hoe, "Oh, afaka manao an'*ity* aho ka mahazo vola betsaka. Afaka manao an'*ity* aho, ka hifanaraka amiko ireo rahalahy rehetra. Afaka manao marimaritra iraisana eo amin'ity Teny ity aho, ka, oh, hamaly avy hatrany ny sivifolo isan-jaton'ireo mpitoriteniny hoe, 'Mahafinaritra izany. Tsara izany.'" Fantatro ankehitriny. Maro amin'izy ireo no miantso. Inona izany? "Mofo sy trondro," mahita ny olona sitrana, sy ireo famantarana, ary ireo herin'Andriamanitra, sy ny sisa, voaseho. Entin'izy ireo eo ianareo, mba hanao fivoriana, ary hisintona ny olona ho ao amin'ny . . . ireo fiangonany sy ny sisa. Fa rehefa tonga eo amin'ny hoe mifanaraka eo amin'ny Teny ilay izy, dia hiala lavitra an'Izany izy ireo. Hitanareo?

Tsy afaka manao an'izany ianareo. Mijanòna miaraka amin'ny Teny.

78 Ankehitriny, ity dia lesona iray ho an'ity mpaminany tanora ity, hoe, tsy mampaninona izay nezahany haha-izy azy, tsy maintsy mijanona ao amin'ny antsony izy. Oh, oadray! Nianatra izy teo—teo, ny lamin'Andriamanitra ho an'ny olona.

Ny lamin'Andriamanitra ho an'ny lehilahy dia hoe, "Mijanona amin'ny toerany." Ny lamin'Andriamanitra ho an'ny vehivavy dia hoe, "Mijanona amin'ny toerany," ihany koa. Tsy afaka maka ny toeran'ny lehilahy iray ianareo. Niezaka izy ireo ny hanao an'izany, saingy aza manao an'izany. Ry lehilahy, aza maka ny toeran'ny vehivavy. Aza miakanjo tahaka ny vehivavy. Ary ianareo vehivavy, aza miakanjo tahaka ny lehilahy. Ny Baiboly no milaza fa ratsy ny manao an'izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny vehivavy izay manao akanjo natao ho an'ny lehilahy,

dia fahalotoana eo anatrehan'Andriamanitra, fahavetavetana iray." Hitanareo? Fa ankehitriny dia zara ianareo raha afaka manavaka ny iray amin'ilay hafa. Hitanareo? Ankehitriny dia ahoana no hataonareo afa-tsy ny miantsoantso manohitra an'izany fotsiny? Hitanareo? Eny, noho izany, rehefa manao an'izany ianareo . . .

79 Efa hitanareo ve io didin'ny fitsarana io tamin'ity herinandro ity teto Indiana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Henatra iray toy ny inona! Latsaky ny dimy amby folo taona lasa izay, fianakaviana iray teto tany Port Fulton . . . Heveriko fa ny sasany amin'ilay fianakaviana dia mipetraka eto izao hariva izao. Teto tany Port Fulton, naverin'izy ireo tany an-trano ny zazavavy kely iray avy tany an-tsekoly nohon'ny fanaovana sorta tany an-tsekoly. Ary mba . . . Tamin'ity herinandro ity, dia niezaka izy ireo ny nitory ary nandroaka avy tao amin'ilay sekoly, ary nataon'izy ireo izany, zazavavy kely iray izay nandà tsy hanao sorta any an-tsekoly. Inona ny olana amin'ny firenentsika? Nihevitra aho fa firenena iray an'ny fahafahana ity. Nihevitra aho fa nanana zò iray isika, fahalalahan'ny fivavahana.

80 Nitsangana ity ray ity ka nanao hoe, "Manohitra ny finoanay ara-pivavahana ny ankizy manao sorta, ireo zazavavy kelinay, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo taona, ny manao sorta. Manohitra ny finoanay ara-pivavahana izany." Dia noroahan'izy ireo izy, nesorina niala tao amin'ny sekoly ilay ankizy.

81 Azoko fa ny olona rehetra izay tsy hifanaraka sy hiditra ao amin'ilay . . . amin'ilay—ilay fifanarahana iraisam-pirenena an'io fiombonana izay ezahan'izy ireo amboarina io, mba hametrahana, hampiraisana ny fiangonana rehetra miaraka, ilay federasion'ny fiangonana; hoe, ny rehetra izay tsy hiditra ka hikambana amin'izany, dia hanaovan'izy ireo faritany kely iray izy ireo. Halefan'izy ireo ho any Alaska izy ireo. Tsara aminareo ny miomana ho an'ny toetr'andro mangatsiaka, satria toy ny efa eo am-pahatongavana izany. Noho izany, fahafaham-baraka iray toy ny inona!

82 Ny sakaizako hatry ny ela, Jim Poole, mitsangana eto ny zananilahy izao hariva izao. Maniry aho mba ho avy fotsiny ny dadany ka hanao an'izay nataon'ny zananilahy. Ary niresaka tamin'ny fifampiresahana an-telefona izahay androany, ary nahamarika izy mikasika, mino aho, ny mpilaza vaovao iray, olona iray. Tsy tsaroako fotsiny hoe iza ilay izy ankehitriny. Fa, hoy izy, "Fahiny dia—dia nandro indray mandeha isan-kerinandro ny vahoaka Amerikana ary nivavaka isan'andro. Fa," hoy izy, "ankehitriny dia mandro isan'andro izy ireo ary mivavaka indray mandeha isan-kerinandro." Mino aho fa aleoko tsy mandro. Fa izany dia maneho fotsiny hoe lavo toy ny ahoana isika! Inona no nitranga tamin'ity firenena ity?

83 Teo amin'ny dimy taona lasa izay, tany Ohio aho, ary nanao fivoriana iray aho tany tao . . . [Hoy ny olona iray hoe, "Chautauqua."—Mpand.] Iza no anaran'io toerana izay nanaovako an'ilay izy io tany, teo amin'izany? ["Chautauqua."] Chautauqua. Ary nihaino filazam-baovao iray aho tao amin'ny hotely. Ary izao no voalaza hoe, "Ny voninkazon'ny fahalalahana dia maty tamin'ity tolakandro ity, tao amin'ny fitsarana eto Ohio."

Ireo vahoaka Amish, tsy mino ny fandefasana an'ireo zanany any amin'ireo sekolim-panjakana ireo izy ireo. Manana an'ireo sekoliny manokana izy ireo. Ary ao amin'io faritra iray izay nisy azy ireo io, dia tsy nanana sekoly ambony izy ireo. Laläna'i Ohio sy Indiana, heveriko, laläm-pirenena iray, ny tsy maintsy handehanan'ny ankizy rehetra any am-pianarana mandra-pahatonga azy ireo ho enina ambin'ny folo taona. Ary nanana ankizy roa ity lehilahy ity, zazalahy sy zazavavy, izay tsy enina ambin'ny folo taona. Ary nandà tsy handefa azy ireo tany amin'ny sekolim-panjakana izy ireo izay ampianaran'izy ireo ny etikan'i Darwin, hoe, "Ny olona dia nidina avy tamin'ny sela tokana, dia rajako iray. Ny hany maha-izy azy, dia rajako iray nomem-boninahitra fotsiny." Ary—ary noho izany dia tsy nifanaraka tamin'izany izy ireo, ka tsy hamela an'ireo zanany handre an'izany.

Ary noho izany dia nampiantsoan'ny fitsarana izy ireo. Ary ity mpitsara matikambo kely ity dia nilaza tamin'ilay ray sy reny antitra, niaraka tamin'ny volony fohy nibontsina, nanao akanjo fitondra miasa. Hoy izy hoe, "Tompokolahy, ity fanjakan'i Ohio ity dia manana laläna iray izay milaza fa tsy maintsy mankany an-tsekoly ny ankizy hatramin'ny fahenina ambin'ny folo taonany. Nefa" hoy izy, "ianao dia nandà ny handefa an'ireo zanakao. Inona no avalinao?"

84 Hoy izy hoe, "Tompokolahy hajaina, mankatò an'ireo laläna'ity fanjakana maha-te-ho tia ity aho izay maha-teratany iray ahy." Hoy izy hoe, "Saingy, isika dia tonga teto, taona maro lasa izay, ireo razambentsika, ho an'ny fahalalahan'ny fivavahana. Ary izany no antony maha-eto antsika, ho an'ny fahalalahan'ny fivavahana. Ny fivavahantsika dia mampianatra antsika fa isika dia tsy mino fa avy tamin'ny biby isika, ho lasa olona. Fa . . . Isika dia mino fa noforonina araka ny endrik'Andriamanitra isika. Noho izany, dia mifanohitra amin'ny finoanay ara-pivavahana ny mandefa ny zanakay any amin'ny sekoly iray izay mampianatra ny tahaka an'izany. Noho izany, tsy manana sekoly ambony handehanan'ny zanakay izahay eto. Ary ilay izy dia tsy hoe satria tsy mankatò anao izahay. Mankatò an'izay inoanao izahay. Saingy, ho anay, dia tsy mino an'izany izahay, ary tsy mila an'izany hampianarina an'ireo zanakay izahay."

Hoy izy hoe, "Na ianao handefa an'ireo zanakao any an-tsekoly na handany roa taona any amin'ny fonjan'ny fanjakana ianao sy ny vadinao." Hoy izy, "Inona no fanapahan-kevitrao?"

Hoy izy hoe, "Handany an'ireo roa taona izaho sy ny reny." Dia nihodina izy ireo ka nanomboka nandeha nivoaka.

Tsy maintsy ho nahatsapa ho voaheloka kely ilay mpitsara, noho izany dia hoy izy hoe, "Tsarovy, tsy milaza ve ny Baibolinao hoe, 'Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara'?"

Dia nitodika ilay ray, ka hoy izy hoe, "'Ary ho an'Andriamanitra . . . '?" Ah-hah. Ah-hah. Ah-hah.

Hoy ilay lehilahy teo amin'ny vaovao hoe, "Eny, noho izany ny fahalalahana . . . "

Dia hoy ilay mpitsara hoe, "Saziako roa taona ianareo."

Hoy izy hoe, "Noho izany, ilay voninkazon'ny fahalalahana, dia maty tao amin'ny efitra fitsarana, tamin'ity tolakandro ity."

85 Sady izay koa, ireo Dunkards, na ny Amish, raha ny marina, tsy mampaninona na hafahafa toy ny ahoana aza izy ireo, dia mino ny fiainana masina izy ireo. Ary tsy misy tatitra anankiray, na aiza na aiza eto Etazonia, izay hany mba nananan'izy ireo ditran-jatovo. Tsy nisy olona anankiray, ankizy anankiray, avy tamin'ny fivavahan'izy ireo, hany nisy zatovo iray naditra. Avelao izy ireo ho hafahafa, na inona na inona tian'izy ireo, tsara taiza izy ireo. Tsy manome tsiny azy ireo aho.

86 Fa, henoy. Maty tao ilay voninkazo, tamin'izay fotoana izay mihitsy. Saingy, teo amin'ny folo minitra teo, dia velona indray izy. Ilay fampanoavana, izy rehetra ireo, dia nanosika an'ireo bokiny, ka nanao hoe, "Noho izany dia mametra-pialana amin'ny asanay izahay, satria, raha manafoana an'io zò araka ny lalàm-panorenana io ianao, dia hanafoana ny sisa amin'izany izy ireo."

87 Efa voamarikareo ve indray andro rehefa ilay eveka Metodista antitra hendry, izay nolazainy mikasika an'izany, nanao tsianjery an'ilay vavaka, tao—tao—tao an-tsekoly? Tsy izany no fiangonana Metodista. Hendry betsaka io eveka io mba hahafantatra an'izany. Vondrona iray hafa izany, mahita hoe hatraiza no ahafahan'izy hahatongavana, hanerena vavaka anankiray ao—ao an-tsekoly. Raha afaka hampita an'izany izy ireo, dia hampita an'ilay anankiray hafa haingana mihitsy arak'izay vitan'izy ireo. Mandinika akaiky ny fivoahana tsirairay izay vitany izy ireo. Aza manahy, ho azon'izy ireo izany.

88 Noho izany, mila ny hazo fijaliana isika. Mila an'i Kristy isika ankehitriny raha mbola vitantsika. Aza mety ho voataonan'ny olona izay afaka mampidina lasopy amboniny angamba. Aza mety ho voataonan'ny olona izay hanome anareo fiara iray tsaratsara kokoa handehanana, na trano iray tsaratsara kokoa hipetrahana, ka hivarotra

ny fizokianareo, amin'i Kristy. Aza manao an'izany. Tandremo izay ataonareo. Araho foana ilay anankiray izay voataona sy tohanan'Andriamanitra, izay fantatrareo fa misy an'Andriamanitra miaraka amin'izy ireo. Aza manaraka fitaoman-dratsy. Eny. Eny àry.

Aza manandrana maka ny toeran'ny hafa.

89 Ilay fahitana tao an-tempoly, dia hitany, teo—teo ambonin'ny Seza fiandrianana iray, Andriamanitra nisandratra avo, Andriamanitra nasandratra avo.

Ankehitriny, hitanareo ity mpanjaka ity, izay nanao ohatra iray teo anatrehan'i Isaia. Ary hitan'i Isaia fa io mpanjaka io, vantany vao niala tamin'ny antsony izy, eny, dia namely azy tamin'ny habokana Andriamanitra. Noho izany dia nieritreritra i Isaia hoe, "Inona no tokony hataoko?" Maty i Ozia. Efa niankina mafy teo amin'ny sandriny izy. Dia nieritreritra izy fa vita ny aminy; inona no hataony? Ny fiainana izy tenany mihitsy no vita, ho azy, saiky. Noho izany dia inona no nataon'ilay mpaminany tanora? Nanao ny làlany nankany amin'ny tempoly izy, mba hivavaka. Nandohalika teo amin'ny alitara izy, ary niantsoantso mafy.

90 Matetika Andriamanitra dia mamela an'ireo tena tohana mihitsy hiala eo ambanintsika. Matetika Izy no mamela ny aretina hamely antsika. Mamela an'ireo fahadisoam-panantenana, ireo aretim-po hamely antsika Izy. Matetika Izy no manao an'izany mba hitarika anareo eo amin'izay hahatonga anareo ho voataonan'ny Filazantsara. Aoka ho hendry tsara hahatakatra an'Izany. Aza donto saina loatra ka handeha hanalavitra an'Izany. Ah-hah.

91 Mariho. Fantatr'i Isaia fa tsy maintsy mahita zavatra iray hafa izy. Noho izany dia inona no nataony? Nandeha nankany an-tempoly izy. Nanangana ny tànany izy, ary niantsoantso mafy an'Andriamanitra. Ary tafiditra tao anatin'ny fahitana iray izy. Ary raha tafiditra tao anatin'ny fahitana iray izy, dia nahita an'Andriamanitra, tsy teo ambonin'ny seza fiandriana iray teto ambany teto, fa nisandratra avo, ambony. Oh, oadray! Nanaraka Azy ny Ebaneban'akanjony. Nisandratra avo nankany An-danitra, ary hitany, nandroso sy niverina, nanerana ny tempoly, ireo Serafima nanidina. Oh, oadray!

Serafima, izany dia midika hoe "mpandoro," ny dikan'ny teny hoe Serafima. Fa, teo akaikin'ny alitara Izany. Marina tokoa, ireo Serafima dia ilay Anankiray izay mandray ny fanatitra, ary manadio an'ilay mpivavaka, ary avy eo dia manolotra azy ho an'Andriamanitra, ny Serafima no manolotra. Ankehitriny, ireo Serafima ireo dia Vatan'Anjely. Ary Izy ireo no Hany tena akaikin'Andriamanitra, eo amin'ny Alitara mihitsy, ary Izy ireo no mandray ny fanatitra. Izany no maneho ny fahamarinan'Andriamanitra, hoe tsy afaka ho tonga eo amin'Ny

Fanatrehany ny fahotana raha tsy efa nanaovana fanavotana. Hitanareo?

92 Ary ireto Serafima ireto, tsarovy, ao amin'ny taona fiton'ny fiangonana, ahoana fa Izy ireo no niambina an'ireo Filazantsara, Anankiray isaky ny lafiny avy! Tsaronareo ve, fa noraisintsika Izy ireo tao amin'ny sahan'i Edena, niaraka tamin'ny Sabatra nisy lelan'afo nitsangana tany? Miambina ny Alitara Izy ireo.

93 Ary Isaia, io mpaminany malaza io, rehefa niditra tao amin'ny Fanahy izy, dia nahita izy, aloha, an'Andriamanitra nipetraka avo tany An-danitra, ambonin'ny mpanjakan'ny tany rehetra. Hoy izy, "Nahita ny Mpanjaka aho, ny Tompo, nipetraka avo sy manerinerina." Tamin'io fotoana io izy no nahita an'ilay tena Mpanjaka. "Ary ny Ebaneban'akanjony nanaraka Azy."

94 Ary nahita an'ireo Serafima nanidina nanerana ny tranobe izy. Nanana elatra Izy ireo nanarona ny Tavany, elatra nanarona ny Tongony, ary nanidina tamin'ny elatra roa Izy ireo. Ary niantsoantso Izy ireo hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha." Toy ny—mozika iray toy ny inona! Bàn-kira iray toy ny inona!

Hoy ianareo hoe, "Tsy maintsy ho nilaza an'izany tena moramora Izy ireo hoe, 'Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha.'"

95 Hoy i Isaia hoe, "Rehefa niteny Izy ireo, dia nihorohoro ireo andrin'ny tranobe nohon'ny Feon'Izy ireo."

96 Tsy nilaza fotsiny Izy ireo, ankehitriny hoe, "Masina, masina, masina."

Oh, Feo iray toy ny inona! Ary hoy izy, "Ary nihetsiketsika sy nihorohoro ireo andry nohon'ny Feon'Izy ireo." Nihiakiaka Izy ireo. Ireo Vatan'Anjely izay nitsangana teo anilan'Andriamanitra ireo, dia nihiakiaka hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha." Fahitana iray toy ny inona! Fioo! Oh, oadray!

97 Mariho indray. Isaia, izay efa niankina teo amin'ny sandrin'i Ozia, ka nahita azy maty teo ambanin'ny fitsaran'Andriamanitra; ary avy eo dia nahita an'ireto Vatana masina izay teo anilan'Andriamanitra ireto, ireo Serafima niantsoantso hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha." Ary Ireto Anjely masina ireto dia nanarona ny Tavany. Ireo Anjely masina dia nanarona ny tavany masina, teo afovoan'Andriamanitra masina iray. Noho izany dia iza isika?

98 Ankehitriny, oh, ianareo Metodista, sy Batista, sy Presbyterana, ary Pentekotista, iza isika?

Nefa, ireo Anjely masina dia nanafina ny Tavany masina teo ambanin'ireo elatra, mba hitsangana eo amin'ny

Fanatrehan'Andriamanitra; nefa, Anjely, Vatana iray izay any ankoatr'ireo Anjely tokoa. Tsy mitsangana eo ireo Anjely; ireo Serafima irery ihany. Any ankoatr'ireo Anjely izy ireo. Ary tena masina Andriamanitra hany ka manarona ny Tavany Izy ireo eo amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra masina. Ary ny zavatra tokana azon'Izy ireo nolazaina dia hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha." Fioo! Fisaronana manokana ho Azy ireo, mba hijoro ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

Karazana fisaronana iray inona no ilaintsika? Tsy maintsy nisarona izy ireo.

99 Te-hijanona amin'ity aho izao ankehitriny izao. Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia ampy tanteraka. Hitanareo? Tsy maty ho an'ireo Serafima ireo mihitsy Kristy. Tsia, tsia. Fa Vatana noforonina Izy ireo. Tsy maty ho an'ireo Anjely mihitsy Izy. Maty ho an'ireo mpanota Izy. Ah-hah. Tsy maty ho an'ireo olona masina mihitsy Izy. Maty ho an'ireo tsy masina Izy. Ary raha mbola mihevitra foana ianareo fa masina, dia tsy nahasoa anareo mihitsy Izy. Fa rehefa fantatrareo fa tsinontsinona ianareo, amin'izay fotoana izay Izy dia maty—maty ho anareo Izy. Hitanareo? Rehefa fantatrareo fa tsinontsinona ianareo, amin'izay fotoana izay dia Izy no ilay . . . Ianareo no ilay anankiray izay Nahafatesany. Ham! Masina tanteraka Andriamanitra. Tsy misy afa-tsy fahamasinana ao Aminy, izay ihany, fahadiovana.

100 Ankehitriny dia ndao isika handinika an'ireo elatra, mandritry ny minitra vitsy. Hitantsika fa elatra roa no Nanaronany ny Tavany. Oadray, eritrereto! Na dia ireo Anjely masina aza dia nanarona an'ireo Tavany masina teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra masina iray. Ary ny zavatra tokana azon'Izy ireo nolazaina dia hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha."

Ary nolazaina tamintsika fa niantsoantso Izy ireo, andro aman'alina. Izany no dingana voalohany avy eo amin'Andriamanitra, midina. Andro aman'alina, tsy nisy fihatoana! Nefa ianareo dia mihevitra fa manao tabataba betsaka isika. Inona no hevitrareo mikasika an'ireo an-tapitrisany amin'Ireo manodidina ny Seza fiandrianana? Niaraka tamin'ny Feo iray izay nampihorohoro an'ireo andrin'ny tempoly, nefa ny Anankiray tamin'Izy ireo ihany no niantsoantso hoe, "Masina, masina, masina," fantatrareo, dia nampihorohoro ny tempoly Ny Feony. Nefa, an-tapitrisany tamin'Izy ireo no niantsoantso nanodidina ny Seza fiandrianan'Andriamanitra hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha!"

Niaraka tamin'ny elatra teo amin'ny tavan'Izy ireo, elatra teo amin'ny tongotr'Izy ireo, nisy elatra; fanajana, fankatoavana. Oh, oadray!

101 Ankehitriny dia tsy misy ny fanajana na fankatoavana ho an'ny zavatra rehetra izay miresaka mikasika ny fahamasinana. Raha miresaka mikasika ny fahamasinana ianareo, dia hantsoina hoe holy-roller iray. Ah-hah. Tsy misy fanajana, tsy misy fankatoavana na ho an'Andriamanitra, ny Olony, na Ny Teniny. Ankehitriny, dia aiza no hiafaran'ity andiany ity?

102 [Hoy Rahalahy Ben Bryant hoe, "Alaska."—Mpand.] Heveriko fa marina ny anao, ry Ben. [Mihomehy ny fiangonana.] Nahavoa an'ilay fantsika teo amin'ny loha ianao tamin'ity fotoana ity, anaka. ["Misaotra anao."]

Eny, saiky marina izany. Ho aiza no hiafaran'ity vondrona tsy manaja ity amin'izay fotoana izay? Aiza no hiafaran'ity vondrona tsy manaja ity, izany hoe, ireo izay tsy manana fankatoavana, mihitsy, an'Andriamanitra?

103 Fantatrareo, fahiny, raha ny lehilahy iray na vehivavy no nilaza fa Kristiana izy ireo, dia nanaja an'izany ny olona. Fa, amin'izao andro izao, dia tian'izy ireo fotsiny ny hahita hoe fanesoana firy no azon'izy ireo heverina amin'izany. Hitanareo? Hitanareo? Vondrona tsy manaja! Oadray!

Nahoana? Mba fantatrareo moa? Ity ilay antony. Tsy tonga saina izy ireo fa Izany no Fahamarinana. Tsy tonga saina ny amin'Andriamanitra izy ireo. Tsy tsaroan'izy ireo fa ny Baiboly no milaza, hoe, "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy." Tsy tonga sy hitsidika azy ireo fotsiny Izy ireo. Izy ireo, mamelatra an'ireo Tranolainy Izy ireo. Amena. "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Ny Anarany," mijanona eo andro aman'alina.

Ilay rahalahy antitra mainty hoditra no nihira an'ilay hira hoe, *Ireo Anjely Dia Mitohy Miambina Ahy*. Hoy izy, "Amin'ny andro manontolo, amin'ny alina manontolo, dia manohy miambina ahy ireo Anjely." Marina izany. "Amin'ny andro manontolo sy amin'ny alina manontolo, dia manohy miambina ahy ireo Anjely."

104 Nilaza Jesosy, mikasika ny hoe, "Ireo madinika kely," nanao hoe, "mitandrema mba tsy hanisy ratsy ny iray amin'izy ireo, satria ireo Anjeliny dia mandinika ny tavan'Ny Raiko foana izay any An-danitra." Hitanareo? Mitoby manodidina foana izy ireo, miambina azy ireo.

105 Nefa tsy mino an'izany akory aza izy ireo, olona tsy araka an'Andriamanitra. Isika dia ho tonga eo amin'ny hoe, "Inona no toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny toe-panahy tsy araka an'Andriamanitra," amin'ny maraina, raha sitraky ny Tompo. Mariho ankehitriny, tsy mino an'izany akory aza izy

ireo. Verin'izy ireo ny fahamaotinana rehetra, ny fankatoavana rehetra, ny fanajana rehetra, kanefa dia mandeha any am-piangonana. Ny andiany tsy manaja indrindra izay misy, dia ireo izay mandeha any am-piangonana. Marina izany.

106 Ny mpanao risorison-toaka antitra iray na mpanao toaka sandoka izay mandeha eny an-dàlambe, mandeha mihodinkodina, ary mamo tapaka, raha miresaka aminy mikasika ny Tompo ianareo, dia hitsangana izy ka hiresaka aminareo.

Ny sasany amin'ireo lomorona, mody antsoina hoe mpino, mambram-piangonana, dia hihomehy avy hatrany eo amin'ny tavanareo, satria tsy mikambana amin'ny anaram-piangonany ianareo. Marina izany. Izany tokoa. Tsy manaja izy ireo. Mihevitra ianareo fa tsy maintsy mikambana amin'ny antoko kelin'izy ireo raha tsy izany dia tsy miaina eo amin'ny lafin'izy ireo akory aza ianareo eo amin'ilay làlana. Hitanareo? Izany no fahamarinana. Tsy manaja!

107 Ankehitriny, ireto Anjely ireto, rehefa teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Izy ireo, Izy ireo dia . . .

Mino aho fa Davida no nilaza. Tsarovy, nanana isika teto, hariva vitsy lasa izay, rehefa nitory teo amin'ny zavatra iray aho. Dia nilaza izy, hoy i Davida hoe, "Apetrako eo anatrehako mandrakariva ny Tompo, ka tsy hangozohozo aho. Ary koa," hoy izy, "amin'izay fotoana izay, rehefa manao an'izany aho, dia hitoetra amin'ny fanantenana ny nofoko." Eny, tompoko. "Satria fantatro izay . . . Tsy hahafoy ny aiko ho ao amin'ny helo Izy, na koa hamela Ny Iray Masiny hahita ny lò Izy. Satria, eo anatrehako mandrakariva ny Tompo."

108 Na aiza na aiza alehanareo, apetraho Andriamanitra. Raha tezitra ny olona iray ka manozona anareo, dia apetraho eo anelanelanareo sy izy Andriamanitra. Raha miantso anareo ho holy-rollers iray ny zalahy iray, dia apetraho eo anelanelanareo sy izy Andriamanitra. Raha tezitra aminareo ny vady vavy, dia apetraho Andriamanitra. Raha tezitra ny vady lahy, dia apetraho Andriamanitra. Raha manorisory anareo ireo ankizy, dia apetraho Andriamanitra. Hitanareo? Na inona na inona ataonareo, dia apetraho Andriamanitra. Raha manome kapoka kely anareo i papa sy mama ka manitsy anareo, dia apetraho Andriamanitra, tsarovy izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'izany. "Zaro amin'ny làlana tokony halehany ny zaza." Hitanareo? Tsarovy mandrakariva, apetraho Andriamanitra. Ataovy eo anoloanareo Andriamanitra, dia hanana fanajana an'Andriamanitra sy fankatoavana Azy ianareo. Marina izany.

109 Diniho ankehitriny. Elatra roa, no Nanaronany ny Tavany. Ary elatra roa . . . Izany dia midika fanajana, fanajana manoloana an'Andriamanitra, miondrika, manarona ny Tavany.

Ankehitriny, isika—isika tsy manana elatra hanaronana ny tavantsika. Manondrika ny lohantsika eo an-Tongony isika; manondrika ny lohantsika ary mivavaka amin'ny fanajana, fankatoavana. Eny, tompoko. Manaike Azy.

Ary elatra roa, no Nanaronany ny Tongony. Ny Tongony, nanaronany ny Tongony, dia maneho fanetre-tena sy fankatoavana.

110 Tahaka an'i Mosesy, Mosesy tao amin'ny—ny fankatoavana, an'Andriamanitra izay niteny taminy fa teo amin'ny tany masina izy, dia nesoriny ny kirarony. Hitanareo? Nanao zavatra tamin'ny tongony izy.

Paoly, tao amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra, fanajana, rehefa tonga teo anoloany ilay Anjelin'ny Tompo, io Andry Afo io, dia lavo tamin'ny tany izy, tamin'ny tavany. Fankatoavana!

Jaona Mpanao-batisa, nanana tena fankatoavana izy rehefa nahita an'i Jesosy tonga, hoy izy hoe, "Tsy mendrika ny hikasika ny Tongony akory aza aho." Hitanareo? Ireo tongotra, maneho fankatoavana. Hitanareo?

111 Oh, aoka ho tonga saina! Ity no zavatra tokana mba hahatonga saina, dia ny fahakelezanareo. Raha te-ho tonga any ho any miaraka amin'Andriamanitra ianareo, dia ataovy tena kely ny tenanareo.

Aza manao ny tenanareo ho goavana tahaka an'i Ozia. Niditra tao izy, ka hoy izy hoe, "Hanao an'ity aho, na ahoana na ahoana. Na izaho . . . Tsy manan-draharaha hiteny amiko ianareo." Hitanareo?

Tokony nanao ny tenany hanetry tena izy. "Eny, ry mpanompon'i Kristy, mamelà ahy." Tsy ho tratry ny habokana mihitsy izy. Tsia. "Fantatro fa asanareo io. Andriamanitra no niantso anareo. Asanareo io. Mandrosoa ary ataovy ilay izy, ry tompokolahy. Tena miala tsiny aho." Raha nihemotra izy, dia ho nisy soratra hafa tato amin'ity Boky ity.

Saingy rehefa nahitsy izy, dia tezitra.

112 Manitsia olona ianareo mikasika ny zavatra iray, na teneno amin'izy ireo ny fanaovany ratsy, fa hiala amin'ny fiangonana izy ireo. Izy ireo tsy . . . Mandehana mankany amin'ny olona iray, teneno ireo vehivavy fa tsy tokony hanao volo fohy izy ireo. "Eny, handeha any ho any aho izay misy azy ireo afaka manao an'izany."

113 Nandeha teto ny ramatoa iray fotoana vitsy lasa izay . . . Naniraka ny vadiko aho. Tao amin'ny fivoriana iray izahay. Tsy nanam-potoana hanasana ny volony izy. Ary izy . . . Niteny taminy aho mba handeha any amin'ny iray amin'ireo toerana fikarakarana taovolo tany ka hampanasa ny volony. Nandeha tany izy, ka tsy fantatr'io ramatoa io akory aza hoe ahoana no

hanamboarana ny volony. Naholankolany nanodidina teo antampon'ny lohany ilay izy. Tonga teo izy, nanao hoe, "Tsy mbola nanasa volon'olona iray mihitsy aho, niaraka tamin'ny volo lava." Noho izany, tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo. Tsy fantatro. Oh, oadray! Hitanareo?

114 Tsy fantatr'izy ireo hoe inona daholo ny mikasika an'izany. Nahoana? Izany dia nohon'ny polipitra malemy iray izay napetrak'izy ireo, marina, tena marina tokoa, polipitra malemy iray izay tsy hiteny ny Fahamarinana. Manao marimaritra iraisana amin'Izany izy ireo. Hitanareo? Tsaratsara kokoa, ho tsaratsara kokoa raha mandre an'Izany ianareo. Ary raha miresaka amin'ny iray amin'izy ireo ianareo, dia hitsangana izy ireo, sy hipoaka, ka hanao hoe, "Tsy hihaino an'io holy-roller io indray intsony aho." Hitanareo? Manohiza, ry Ozia. Marina izany.

115 Habokana, nahoana, aleoko tratry ny habokana, amin'ny fotoana rehetra, toy izay io karazana habokana io. Habokan'ny fanahy izany. Hitanareo? Rehefa mitsangana ianareo ka mivoaka, dia feno habokana eo no ho eo indray ianareo, ny fahotana, izay ratsy nohon'ny habokana. Ny habokan'ny fanahy izany.

116 Mety lasa angamba i Ozia, "Ary nodimandry niaraka tamin'ireo razany," hoy ny Baiboly. Fa, voavonjy izy, satria nanao zavatra diso fotsiny izy. Fa raha manao an'ilay izy ianareo, nefa mahafantatra tsaratsara kokoa, amin'izay fotoana izay ianareo dia rakotra, ny habokan'ny fanahy. Ary amin'izay fotoana izay dia tsy misy fomba hampidirana ny fanahin'ny boka iray. Fantatrareo izany.

Koa, noho izany, dia ataovy kely ny tenanareo. Aetreo eo anatrehan'Andriamanitra ny tenanareo. Maneke. Aza mibontsina ka mipoaka. Zahao ny Soratra dia jereo raha marina izany.

117 Niteny tamin'ny olona iray aho, vao tsy ela akory izay. Hoy izy ireo hoe, "Rahalahy Branham, azoko fa ianao dia 'Jesosy Irery.'"

Hoy aho hoe, "Diso fahazo ianao." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Tsy Jesosy Irery aho."

Hoy izy, "Eny, manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy ianao."

118 Hoy aho hoe, "Tsy manao ahy ho Jesosy Irery izany." Hoy aho hoe, "Ny foto-pampianaran'ny Jesosy Irery, izy ireo dia manao batisa, 'ho amin'ny fahaterahana indray.' Izaho tsy mino an'izany."

Tsy mino aho, fa hoe vantany vao vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy ianareo, dia voavela—voavela ny fanahinareo, ny fahotanareo. Mino aho fa hoy i Petera hoe, "Mibebaha, aloha," mitodiha. Diso an'ilay tanjona ianareo. Miverena. Mibebaha, ary

avy eo dia asehoy an'izao tontolo izao fa ianareo dia efa, efa natao batisa. Izaho dia mino ny fa-. . . fa. . .

Tsy mino aho fa ny fahaterahana indray no batisan'ny Fanahy Masina. Tsy izany no batisan'ny Fanahy Masina. Izany dia hoe naverina nateraka, indray. Naverina nateraky ny Rà isika. Ny selan-drà dia avy amin'ny. . . Ny tiako lazaina dia hoe, ny selan'aina dia avy amin'ny Rà. Vita batisa ianareo, an'ny Fanahy Masina, tao amin'ny Vatana. Saingy nateraky ny Rà ianareo. Tanteraka tokoa. Nateraky ny ràn'ny rainareo ianareo. Nateraka indray aho tamin'ny Ràn'ny Raiko, ary tamin'ny anareo, ny Raintsika, Kristy. Eny, tompoko.

119 Saingy, hitanareo, tsy mino an'izany karazan-javatra izany isika. Satria manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy isika, izany tsy manao antsika ho Jesosy Irery, mihitsy. Tsia, tompoko.

120 Eny, tompoko. Nanetry ny tenany teo amin'ilay Fanatrehana i Mosesy, rehefa nandre an'io Feon'Andriamanitra io nivoaka tahaka an'izany izy. Nanao hoe, "Esory ny kiraronao." Dia niondrika i Mosesy ka nanaisotra haingana ny kirarony. Hitanareo? Marina izany.

121 Paoly, rehefa nandavo azy teo amin'ny tany io Hazavana io. Hoy Izy hoe, "Saoly, Saoly, nahoana no manenjika Ahy ianao?"

Hoy izy, "Tompo, Iza moa Ianao?" Teo amin'ny tany mihitsy. "Iza Izany?"

Hoy Izy, "Izaho no Jesosy." Io Andry Afo io, "Izaho no Jesosy. Sarotra ho anao ny hanipaka an'ireo fanindronana."

Hoy izy, "Tompo, inona no tokony ataoko?" Vonona izy.

122 Nahita ny Fihaviany i Jaona Mpanao-batisa. Iray amin'ireo lehilahy malaza indrindra! Jesosy no nilaza fa tsy mbola nisy lehilahy iray mihitsy, izay natera-behivavy, lehibe tahaka an'i Jaona. Ary rehefa nahita Azy i Jaona, dia nanaiky fa tena kely izy. Hoy izy hoe, "Tsy mendrika ny hanala ny Kirarony aho." Amena.

123 Mariho foana, fa ny lehilahy goavana iray dia manetry ny tenany. Ny làlana miakatra dia ny midina, foana. Ataovy kely ny tenanareo, dia hanandratra anareo Andriamanitra. "Izay manandratra ny tenany no haetry, fa izay manetry ny tenany no hasandratra." Oh, oadray! Tiako izany.

124 Ataovy kely ny tenanareo. Aoka ho kely foana. Aoka tsy ho ilay miseho ho goavana. Aoka ho ilay olona kely. Hitanareo? Andriamanitra no Anankiray tokana, eo anivontsika, izay goavana, na ahoana na ahoana. Marina izany.

125 Milaza foana ianareo hoe, "Izany no fiangonana masina iray. Ny vahoaka masina." Oh, tsia. Izany no Andriamanitra masina, marina izany, ary fiangonana tsy masina iray sy vahoaka tsy masina. Marina. Tsy misy izany karazana fiangonana masina iray izany; ilay izy dia Andriamanitra masina iray ao amin'ilay

fiangonana. Tsy vahoaka masina iray; ilay izy dia ny Fanahy Masina ao amin'ilay vahoaka. Noho izany, tsy miresaka ny amin'ireo vahoaka ianareo; izy ireo dia miresaka, an'ilay Fanahy Masina izay ao amin'ilay vahoaka.

Amena. Eny, tompoko. Izany no teny marina. Amena. Mahatratra ny tanjona izany. Mahatsapa an'izany aho. Eny, tompoko. Tiako izany. Fantatro izany. Voninahitra. Eny, tompoko. Eny àry.

126 Ataovy kely ny tenanareo. Nanarona ny Tavany tamin'ny anankiroa Izy, fanajana. Nanetry ny Tenany Izy, tamin'ny fanaronana ny Tongony.

Ankehitriny, fahatelo, nanidina tamin'ny anankiroa Izy. Nanao ny tenany hihetsika tamin'ny roa tamin'izy ireo Izy. Nanaja Izy teo anatrehan'Andriamanitra. Nanetry tena Izy teo anatrehan'Andriamanitra. Tsy izany ihany, tsy nipetraka teo fotsiny Izy, fa nanao ny Tenany hihetsika Izy. Miresaka ny amin'ny Fiangonana iray! Amena. Nanao ny Tenany hihetsika! Na inona na inona Nananany, dia efa vonona ny handeha niaraka tamin'izany Izy. Eny, tompoko. Ny zavatra tokana Azony nolazaina dia hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha," saingy nanao ny Tenany hihetsika niaraka tamin'izany Izy. Marina izany. Tao anatin'ny hetsika izy.

Izany no ilain'ilay Fiangonana izao hariva izao, dia, voalohany, aoka hanaja; ny zavatra manaraka, dia aoka hanetry tena; avy eo dia ataovy ao anatin'ny hetsika ny tenanareo. Eny, tompoko.

127 Nasehony tamin'ilay mpaminany, rehefa Nasehony tamin'ilay mpaminany hoe ahoana no Nanehoany an'ireo Mpanompony, ahoana no Hataony. Dia inona no nataon'ity Zalahy ity, ity Anjely ity? Hitan'ity mpaminany ity fa nanozongozona an'ireo andry tao an-tempoly Ny Feony rehefa nihorakoraka Izy ireo hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha!" Dia nihorohoro ilay tranobe. Ary nihorakoraka indray Izy ireo hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha!" Dia nihorohoro ilay tranobe.

128 Hoy i Isaia hoe, "Lozako!" Mpaminany iray, mpaminany voamarina iray, teraka ho mpaminany iray, ilay mpaminany lehibe an'ny Baiboly, nefa hoy izy hoe, "Lozako, fa ny masoko efa nahita ny voninahitr'Andriamanitra." Jereo io mpaminany nanetry ny tenany io. Mpaminany iray, ilay lehilahy izay nahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra, saingy rehefa nahita fahitana iray teo amin'ny fihetsehana izy, dia hoy izy hoe, "Lozako, fa mitsangana tena akaiky aho hany ka hitako ny Fanatrehan'ny Tompo."

129 Ny vahoakantsika Amerikana moderina dia afaka mahita an'izany mitranga, nefa mandeha miala ary mihomehy an'izany.

Hia. Marina izany. Rehefa, nahita fahitana iray tonga voaseho izy, fahitana iray voaseho. O Andriamanitra, mamindrà fo amin'ity izao tontolo izao mpanota ity!

130 Fahitana iray voaseho! Niantsoantso mafy izy hoe, "Lozako, fa olona maloto molotra aho, ary monina eo anivon'ny vahoaka iray maloto molotra. Maty tanteraka aho. Tsy misy na inona na inona tsara mikasika ahy."

131 Eny, hoy ianareo hoe, "Isaorana Andriamanitra, mikambana amin'ny Presbyterana aho, Metodista, Batista, Pentekotista! Tsy mila mipetraka aho ka mihaino karazan-javatra tahaka an'izany." Fahasamihafana iray toy ny inona no misy! Fahasamihafana iray toy ny inona!

132 Tsarovy, ity mpaminany ity, voaantso hatramin'ny nahaterahany, voamarina, voafidy mialoha ho an'ny asany, ary nikatsaka ny Fahamarinana, ary efa niaraka tamin'ilay mpanjaka izy. Efa nahita an'ireo asan'Andriamanitra voaseho izy. Saingy rehefa tonga ny fahitana iray miharihary, raha tokony nanandratra azy, dia hoy izy hoe, "Lozako! Maty tanteraka aho. Handoa an'izany aho ankehitriny, satria ny masoko efa nahita ny voninahitr'Andriamanitra."

133 Nefa isika dia afaka mahita ny voninahitr'Andriamanitra, ka handeha hihodinkodina, hanao hoe, "Andiana holy-rollers iray, vahoaka izay adala." Tsy mahagaga raha tsy tonga na aiza na aiza isika.

134 Tsarovy, niteny taminareo aho, rehefa tonga teto, fa hilaza zavatra iray izay hanampy ny olona. Hitanareo? Hia. Tsy maintsy manaja an'izany isika. Tsy maintsy manome ny haja kely rehetra izay vitantsika ho an'izany mihitsy isika, rehefa mahita fahitana miharihary iray avy amin'Andriamanitra miteny, ka fantatsika fa izany no Fahamarinana.

135 "Lozako," hoy i Isaia. "Ato anatin'ny tranobe iray aho eto izao hariva izao," na androany, na oviana na oviana ilay izy, "ary mahita ny voninahitr'Andriamanitra aho. Mahita Anjely iray miteny aho, ary mahita zavatra iray mihetsiketsika. Ary mijery etsy ambony etsy aho, ka mahita an'Andriamanitra voaseho eto mihitsy. Lozako, satria lehilahy iray maloto molotra aho ary monina eo anivon'ny vahoaka maloto."

136 Diniho izay nitranga. Oh, inona no Nataony? Nasehony tamin'i Isaia, mpaminany, fa tokony hanome voninahitra ny olona, tokony hanaja eo amin'Ny Fanatrehany, manaja sy manetry tena, ary avy eo dia miditra ao amin'ny hetsika. Marina izany. Mitsofoha ao amin'ny hetsika.

137 Tahaka an'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, rehefa nahita zavatra iray nitranga izy, rahalahy, dia nanana elatra roa izy. Lasa izy, niaraka tamin'ireo, haingana mihitsy. Tonga teo izy, teo amin'ny fantsakan'i Jakoba, mba haka an'io rano misy aretina izay niadin'izy ireo hevitra io. Fa rehefa nahazo rano

avy tao amin'io Loharanon'Aina io izy, dia niditra tao amin'ny hetsika haingana mihitsy.

Tsy nilaza izy hoe, "Tompoko, teneno amiko azafady hoe taiza no Nahazoanao ny Fianaranao? Taiza no Nahazoanao an'io karazan-javatra io? Ahoana no Nianaranao an'izany?" Na "Ahoana no Nahafantaranao fa efa nanana vady dimy aho? Ahoana no Nahafantaranao izay tsy nety tamiko? Ahoana no Nahafantaranao fa vehivavy iray avy eto Samaria aho? Ahoana no Nahafantaranao an'ireo zavatra ireo?"

Tsy nanontany mihitsy izy. Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa Mpaminany iray Ianao. Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo." Oh, oadray! Fantany tamin'ny alàlan'ny Soratra izany, ka hoy izy hoe, "Fantatro, fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo." Ham!

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

138 Niditra tao amin'ny hetsika izy. Nandeha avy hatrany nankany an-tanàna, haingana arak'izay azony nandehanana. Hoy izy, "Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no tena Mesia?" Rehefa nahita ny Fahamarinana izy, dia tsy niezaka nitondra an'ilay baolina, fa azo antoka fa nanome ho an'Izany ny—ny, fanajana betsaka. Ary azo antoka fa nanome fanohanana betsaka ho an'Izany izy. Satria, nandeha nankany an-tanàna izy, nanao hoe, "Avia ianareo, jereo. Raha tsy mino an'izany ianareo, dia avia, miaraha amiko."

139 Voninahitra! Mahatsapa ho toy ny holy-roller iray aho izao hariva izao. Eny, tompoko. Oadray! Raha tahaka an'izany no ahatsapanareo, ny hoe holy-roller iray, dia aoka aho ho anankiray. Eny, tompoko.

Fantatro fa marina ny Azy. Fantatro fa eto Izy. Fantatro io Mesia iray io ihany. Fantatro io Andriamanitra iray io ihany. Io Kristy iray io ihany dia ato amin'ity tranobe kely, tranainy mafana ity mihitsy izao hariva izao. Azoko porofoina aminareo izany. Amena.

140 Jereo io Anjelin'ny Tompo mitsangana etsy amin'ny zorony etsy io, eo ambonin'ny lehilahy iray mipetraka *eto* mihitsy. Ny anarany dia. . . Izy dia reverà iray. Atoa. Witt. Avy any Virginia izy. Marina. Mijaly amin'ny fahavoazan'ny fikorontanan-tsaina iray izy. Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, dia afaka mandeha mody ka ho salama. Mino an'izany ve ianao, tompoko? Eny àry. Mandehana mody, aoka ho salama. Tapitra ny fahavoazan'ny fikorontanan-tsainao.

141 Etsy, mihitsy, mipetraka etsy mihitsy, ny anarany dia Morriah. Avy any Illinois izy. Tratry ny aretin'ny tsinaibe izy. Raha hino an'izany ianao, tompoko! Mino an'izany ve ianao? Vahiny iray aminao aho. Raha mino an'izany ianao, dia

hiala aminao izy. [Hoy Rahalahy Morriah hoe, "Mino an'izany aho."—Mpand.] Haleloia!

> Rehefa nikasika an'ilay mpaminany ilay arin'Afo,
> Nanao azy ho madio arak'izay mety nampadio azy;
> Rehefa hoy ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
> Dia namaly izy hoe, "Inty aho. Iraho aho."

142 Tsy mampaninona na inona ilay fanenjehana, tsy mampaninona na inona ilay hazo fijaliana, "Iraho aho, Tompo. Inty aho." Tsy mampaninona na firy no mandà anareo, na firy *ity*, *itsy*, na ny *hafa*, "Iraho aho."

143 Izy io Mesia iray ihany io. Eto mihitsy Izy ankehitriny. Mahita Azy indray aho. Amena.

144 Inona izany? Niditra tao amin'ny hetsika io vehivavy io. Nahazo an'ireo elatra roa ireo izy ary nanomboka nanidina. Niditra tao amin'ny hetsika haingana mihitsy izy.

145 Rehefa, ny apostoly Petera, rehefa nandray an'Andriamanitra tamin'Ny Teniny izy, indray andro teny ambonin'ny ranomasina iray. Efa nanjono nandritry ny alina manontolo izy nefa tsy nahazo na inona na inona. Dia nanatona azy Jesosy. Hoy Izy hoe, "Atsipazo any amin'ilay ilany hafa an'ny sambo ny haratonao."

146 Hoy izy hoe, "Tompo, mpanjono iray aho. Fantatro hoe oviana no mihinana izy ireo ary oviana no tsy mihinana. Fantatro izay misy azy ireo sy izay tsy misy azy ireo. Fa efa nanjono nandritry ny alina manontolo aho nefa tsy nahazo na dia pirina iray akory aza. Ankehitriny, raha hoy Ianao hoe, 'Atsipazo *eo*,' dia fantatro fa tsy misy trondro eo. Saingy, nohon'Ny Teninao, Tompo, dia havelako hilatsaka ilay harato." Inona no nataony? Niditra tao amin'ny hetsika izy. Amena.

147 Misy dobo feno rano eto. Raha tsy mbola natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy mihitsy ianareo, dia izao no fotoana idirana ao amin'ny hetsika. Raha mambram-piangonana iray fotsiny ianareo, ka tsy mahafantatra an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny batisa, ny Fanahy Masina, dia izao no fotoana idirana ao amin'ny hetsika. Marina. Saròny ny tavanareo, amin'ny fanajana. Saròny ny tongotrareo, amin'ny fanetre-tena, ka aforeto ny lohalikareo. Dia midira ao amin'ny hetsika. Raha tsy mahafantatra an'Andriamanitra ianareo, dia midira ao amin'ny hetsika.

148 Rehefa ilay lehilahy jamba, izay tsy afaka nahita, rehefa niresaka taminy Jesosy, ka nandrora teo amin'ny fotaka iray ary nametraka an'izany tao amin'ny masony, dia nanao azy ho sitrana—sitrana. Rehefa nanao Izy, dia niditra tao amin'ny hetsika izy. Nanaparitaka ny Lazany izy. Tsy niezaka nitondra an'ilay baolina izy. Fa, rahalahy, nanaparitaka ny Lazany nanerana an'ireo faritra nanodidina rehetra izy. Inona no

nataony? Niditra tao amin'ny hetsika izy. Indray mandeha, dia sitrana ny lehilahy jamba iray.

Hoy izy ireo, "Mpanota io Lehilahy io. Tsy fantatray akory aza Izy."

149 Hoy izy hoe, "Na mpanota iray Izy, na tsia, dia tsy fantatro. Fa ity zavatra iray ity no tena fantatro, dia jamba aho fahiny, fa afaka mahita aho ankehitriny." Inona no nataony? Niditra tao amin'ny hetsika izy.

150 Izany no ilain'ny fiangonana: midira ao amin'ny hetsika. Manana endrika be loatra isika. Manana fahambonian-toetra be loatra isika. Mila miditra ao amin'ny hetsika isika. Amena.

Nanaparitaka ny Lazany nanerana izy, hatraiza hatraiza.

151 Ireo olona tamin'ny Pentekosta, tsy nahafantatra betsaka loatra izy ireo. Tsy afaka nanasonia ny anarany manokana izy ireo, ny sasany tamin'izy ireo. Natahotra izy ireo, ka niditra tao amin'ny efitra ambony. Fa, indray andro, dia inona no nataon'izy ireo? Nandeha teo izy ireo tamin'ny fankatoavana Ny Teniny. Noraisin'izy ireo Ny Teniny.

Oh, raha handray Ny Teniny fotsiny ny olona amin'izao andro izao, amin'izay fotoana izay dia hiditra ao amin'ny hetsika izy ireo.

152 "Mitoera ianareo ao an-tanànan'i Jerosalema," Lioka 24:49. "Handray ny Fanahy Masina ianareo aorian'izany, ny teny fikasana, aorian'izany dia ho tonga eo aminareo ny Fanahy Masina, avy eo dia ho vavolombelona ny Amiko ianareo." Asa 1:8. Hoy ny Lioka 24:49 hoe, "Indro, maniraka ny teny fikasan'ny Ray ho aminareo Aho, saingy miandrasa ao an-tanànan'i Jerosalema mandra-panosotra anareo ny hery avy any amin'ny Avo."

Mandra-pahoviana? Adiny iray, adiny roa, folo andro, efa-bolana, enim-bolana? Tsy nanao fahasamihafana mihitsy izany. "Mandra-paha." Mandra-pahoviana izany? Mandra-paha fotsiny. Rehefa mangataka zavatra amin'Andriamanitra ianareo, dia miandrasa eo mihitsy, mandra-paha. Amena. Fioo! Izaho—mahatsapa ho tsara aho. Mijanòna mandra-paha. Mandra-paha inona? Mandra-pitrangan'ilay izy. Takio ilay izy. Inoy ilay izy. Mifikira eo amin'izany. Midira ao amin'ny hetsika. Mijoroa vavolombelona ny amin'izany. Voninahitra! Eny. Mijoroa vavolombelona. Aza matahotra. Midira ao amin'ny hetsika.

153 Tao amin'ilay efitra ambony izy ireo. Inona? Nidera sy nisaotra an'Andriamanitra. Ho an'ny inona? Ilay teny fikasana. Fantatr'izy ireo fa tsy maintsy tonga izany. Eo ianareo izao. Midira ao amin'ny hetsika. Mandehana midera an'Andriamanitra mandra-pahatanterak'ilay teny fikasana. Manana an'ilay teny fikasana ianareo.

154 Raha mino ianareo fa manasitrana Andriamanitra, dia mijanòna ao amin'ny hetsika. Raha mino ianareo fa hamoaka anareo Izy ankehitriny, ka hifikitra Aminy ianareo, dia mijanòna ao amin'ny hetsika. Amena. Mijanòna ao amin'ny hetsika. Manana elatra roa ianareo, noho izany dia ampiasao izy ireo. Mijanòna ao amin'ny hetsika. Akopakopay mandroso sy miverina izy ireo hoe, "Tompo, mino aho. Tompo, mino aho." Tsy afaka mihorakoraka fotsiny ianareo hoe, "Masina, masina, masina," tsy maintsy milaza ianareo hoe, "Tompo, mino aho." Mijanòna ao amin'ny hetsika. Amena.

155 Nijanona tao amin'ny hetsika izy ireo mandra-paha "nisy feo tonga avy tany An-danitra tahaka ny rivotra mahery mifofofofo," tamin'izay fotoana izay dia tena tao amin'ny hetsika marina tokoa izy ireo. Avy eo dia niditra tao amin'ny hetsika izy ireo. Ah-hah.

156 Rahalahy, ranabavy, izay hitantsika mitranga ao amin'izao andro farany izao dia tokony hampiditra antsika ao amin'ny hetsika. Amena. Tokony ho ao amin'ny hetsika isika. Tena marina tokoa izany.

Mipetraka manodidina isika toy ny hoe misy zavatra iray . . . Ary, eny, mipetraka manodidina ny olona, ireo olona Pentekotista. Hanao zavatra iray ny Tompo. Hoy izy ireo hoe, "Ham! Tena tsara tokoa izany." Oh, oadray! Tsy mitovy loatra amin'ny Serafima iray izay mipetraka eo akaikin'Andriamanitra izany. Ah-hah. Marina izany.

157 Iraka iray, izay akaiky kokoa an'Andriamanitra aza, lasa Zanany ianareo, any ankoatr'ilay alitara varahina. Ilay Serafima dia teo amin'ilay alitara varahina. Fa ianareo, amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavy, dia mandehana avy hatrany ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Tsy mila mandalo eo amin'ny mpisorona iray sy ireo zavatra rehetra ireo ianareo. Izy no Mpisoronareo. Hitanareo? Eo amin'Ny Fanatrehany eo mihitsy, amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavy. Rahalahy, mino aho fa manana mihoatra nohon'ny elatra roa isika. Amena. Manana ny Fanahy Masina isika. Marina izany.

158 Saingy tokony ho ao amin'ny hetsika miaraka amin'ny fanajana sy fanetre-tena isika. Tsy ao amin'ny hetsika mba hanery zavatra iray eo amin'ny olona iray, fa miaraka amin'ny tena fanajana sy fanetre-tena, mba ahafahantsika hiditra ao amin'ny hetsika, manao hoe, "Lozantsika! Efa nahita ny Fanatrehan'ny Tsitoha isika. Efa nahita an'ireo famantarana nitranga isika, dia izay Nolazainy mihitsy hoe, 'Ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa. Hanao mihoatra noho izany aza ianareo, satria mankany amin'Ny Raiko Aho.'"

159 Efa nahita nitranga mihoatra noho izay hany voasoratra isika. Ary, nahoana, efa nahita nitranga tao amin'ny fivoriana anankiray isika, niaraka tamin'ireo zavatra ireo, mihoatra

noho izay voasoratra ao amin'ny Baiboly. Marina. Tao amin'ny fivoriana anankiray dia mihoatra noho izay voasoratra tao amin'ireo telo amby telopolo taonan'Ny Fiainany. Marina izany. Eritrereto izany. Efa nahita an'izany tamin'ny masontsika isika. Efa nahita an'izany nitranga isika. Efa nahita an'izany voalaza mialoha isika, niseho, nandinika an'izany. Malemy, jamba, mandringa, kilemaina! Ireo zavatra voalaza mialoha, izay mitranga marina tokoa hatrany amin'ny teboka, dia tsy mbola diso mihitsy. Rahalahy, tokony hampiditra antsika ao amin'ny hetsika miaraka amin'ny fanetre-tena sy fanajana izany.

160 Hatrany amin'ireo andron'ny Baiboly tany aoriana tany mihitsy, rehefa nihantona teo ambonin'ny Isiraely ilay Andry Afo, ka tonga nofo Izany ary nonina teo anivontsika. "Avy tamin'Andriamanitra Aho ary hiverina amin'Andriamanitra."

Nahita an'Izany i Masindahy Paoly ka nianjera tamin'ny tavany. Mpampianatra iray malaza tahaka an'i Paoly, nampianarina teo ambanin'i Gamaliela, no nitsikasikasina tao anaty vovoka ka niantsoantso hoe, "'Tompo, Tompo, Iza moa Ianao? Vonona ny handeha aho." Lehilahy malaza iray, izay naha-izy azy, mahay iray, nefa nanetry ny tenany izy satria nahita an'ilay Andry Afo izy.

161 Tsy hoe mahita an'Izany fotsiny amin'ny masontsika isika, mihetsika eto anivontsika, fa manana an'Izany mihitsy aza isika ao amin'ny siantifika. Tokony hampiditra antsika ao amin'ny hetsika izany. Mahita an'Izany manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tany aoriana tany isika. Mbola Ataony foana izany amin'izao andro izao, ilay teny fikasan'ny Ray. Oadray! Inona izany? Tonga mba hanamarina ny Teny izany, hanaporofo fa tahaka an'izany ny Teny. Tokony hampiditra ny Fiangonana ao amin'ny hetsika izany. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

162 Tamin'ny roa no Nanaronany ny Tavany, tamin'ny fanajana. Roa no Nanaronany ny Tongony, fanetre-tena. Ary tamin'ny roa no Nandehanany niasa. Lasa Izy, nampiditra an'izany tao amin'ny hetsika.

163 Ankehitriny dia tokony ho ao amin'ny asa isika, amin'ny fanajana ny Teny. Tokony hiteny amin'ny olona isika.

164 Ireo famantaran'Ny Fihaviany miseho, hatraiza hatraiza, hitantsika mivoaka avy ao amin'ny Teny izany. Mandre ny Fanahy Masina tonga isika, miteny amintsika fa vonona ny hitranga ireo zavatra sasany.

165 Tsy mihoatra ny roapolo taona lasa izay, avy teto amin'ity tranobe ity mihitsy, niteny ny amin'ny fahatongavan'ny Filoha Kennedy Izy. Niteny marina tokoa an'izay hiseho Izy, hoe ireo vehivavy sy ny sisa no hampiditra an'io lehilahy io, sy izay hisy marina tokoa. Ary fantatsika taloha ela izany, ary nilaza marina tokoa an'izay hitranga. Ary indro misy izany androany. Ary

indro io kanferansa io fa tonga, ilay federasion'ny fiangonana, ary tonga miaraka ny rehetra. Nahoana, tokony hampiditra antsika ao amin'ny hetsika izany! Marina izany. Ah-hah.

166 Ara-bakiteny, araka ny Noteneniny, no nahatanterahan'izany eo akaikintsika mihitsy. Tokony hampiditra antsika ao amin'ny hetsika izany.

167 Tahaka an'ilay mpaminany, efa hitantsika ilay fivoahana, na ilay fihavian'ilay fiaingana; ilay fandàvana, ireo fanandratana an'ireo anaram-piangonana, mahavery ny toerany.

168 Tahaka an'i Isaia izay nitsangana teo, izy dia—dia lehilahy iray ara-anaram-piangonana, teo am-panombohana. Niankina tamin'ilay mpanjaka izy satria lehilahy tsara iray izy, saingy hitany izay nataon'ny fanandrata-tena taminy. Izany no nanaisotra azy, mandrakizay.

Ary efa hitantsika izay nataon'ny fanandrata-tenan'ny anaram-piangonana tamin'ny fiangonana. Izany no nanaisotra an'ilay mody antsoina hoe fiangonana ara-anaram-piangonana teo amin'ny kianja mandrakizay. Teneno amiko hoe oviana no mba nisy anankiray nitsangana taorian'ny nahalavoany. Aiza no misy azy? Jereo indray manerana an'ireo tantara dia mijere fiangonana iray izay hany lavo. Vantany vao nandrafitra izy, dia lavo, ary tsy niverina intsony indray.

169 Tsy niverina intsony indray tao an-tempoly i Ozia. Boka iray izy, tamin'ny sisa tamin'ny androny; ary nalevina, boka iray. Eny, tompoko. Ankehitriny, hitan'ilay mpaminany izay nataon'izany. Hitany izany, izay nataon'io fanandratana io.

"Inona? Izahay, izahay dia, saiky ny tsirairay . . . Tsy misy olona afaka miditra ao amin'ireo anaram-piangonanay raha tsy manao ny—fizahana iray eo anatrehan'ireo mpitsabo saina, mba ahitana raha tsara ny IQ-ny, na tsia. Tsy maintsy manana D.D.D. iray izy, Ph.D. alohan'ny ahafahany ho tonga mihitsy aza, hiresaka aminay. Tsy hila azy ireo komitinay, raha tsy manana izy." Oh, oadray. "Ilay tsara indrindra—vahoaka be tsara indrindra ao amin'ny firenena no tonga. Jereo ireo fiara izay mipetraka manodidina ny toeranay. Cadillacs sy Rickenbackers izy ireo, sy ny sisa."

170 Efa hitantsika fa maty izany zavatra izany. Hitantsika fa maty izany. Ary ilay zavatra manontolo dia lasa feno vay nipoipoitra, velona, vay ratsy, raha ny marina, araka ny iantsoan'ny Baiboly azy. Vay daholo ilay izy, manontolo. Maimbo izany. Marina izany. Fiteny ara-panahy, no ilazako an'izany. Hitanareo? Ah-hah.

171 Efa hitantsika izy ireo nahavery ny fihazonany sy ny fifikirany, teo amin'ny Tenin'Andriamanitra, ka nanandratra an'ireo fanekem-pinoana. Inona no hitantsika nataon'izany? Tratry ny habokana, ny tsi-finoana. Hah. Oadray, oh, oadray!

Tahaka an'i Ozia, niezaka naka ny toeran'ny Voahosony, an'ilay asa voahosotra, rehefa tratra izy, dia hitany fa tsy nahombiazany izany.

Ary efa hitantsika fa ireo fiangonana ireo dia niezaka naka ny toeran'ilay asa voahosotra, mba hitoriana ny Tenin'Andriamanitra, ka lasa nisavoritaka tanteraka tamin'Izany. Tsy fantatr'izy ireo izay hatao. Apetraho eo anatrehan'izy ireo ny Teny, fa tsy fantany izay hatao. Izany fotsiny dia hoe, "Mino izahay fa ho an'ny andro hafa iray Izany." Inona izany? Mifanjevo izy ireo. Ahoana no ahafahanareo mihazona ny asan'Andriamanitra voahosotra nefa mandà Ny Teniny voahosotra izay Izy tenany amin'ny endrika Teny? Ahoana no ahafahanareo mandà fa marina ny Teny, nefa avy eo dia mbola milaza foana fa voahosotry ny Fanahy ianareo?

172 Ny zavatra tokana izay haneho ny Tenin'Andriamanitra dia ny Fanahy Masina Izy tenany. "Rehefa Izy, ny Fanahy Masina no ho tonga, dia handray an'ireo zavatra avy amin'ny Ahy Izy ka haneho azy ireo aminareo." Marina.

Ahoana no ahafahanareo haka ny toeran'ny asa voahosotra nefa mikambana amin'ny fanekem-pinoana iray na anaram-piangonana? Maty izy ireo. Ny zavatra hatao dia ny miankohoka ka miantsoantso mafy hoe, "Tompo Andriamanitra, lehilahy maloto molotra aho." Eny, tompoko.

173 Miezaka maka ny toeran'ilay Fiangonana masina ireo anaram-piangonana ireo. "Mino an'Andriamanitra ilay Ray Tsitoha izahay, Mpanao ny lanitra sy ny tany, ary Jesosy Kristy Ny Zanany. Mino ny fiangonana masina Katolika Romana izahay ary ireo zavatra hafa rehetra ireo. Mino ny fiombonan'ny olo-masina izahay."

174 Izaho mino ny fiombonan'i Kristy. Eny, tompoko. Mino aho fa ao amin'ny Voninahitra ireo olo-masina. Azo antoka. Saingy mino aho fa manana Mpanelanelana anankiray isika eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Eny, tompoko. Hitelina an'izany karazan-javatra izany ve? Ity, ny Baiboly no miteny manohitra an'izany.

Hoy izy ireo hoe, "Eny, izany no Baiboly."

Izany no Andriamanitra. "Ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo, ka nonina teo anivontsika." Ankehitriny dia ao amin'ny nofontsika ny Teny, manao ny Tenany ho voaseho, voahosotry ny Fanahy Masina. Fotoana hidirana ao amin'ny hetsika izao! Marina izany.

175 Ireo fiantraikan'ilay fahitana teo amin'ilay mpaminany, oh, oadray, no nanao azy hiaiky fa mpanota iray izy. Mpaminany voahosotra, hoy izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho. Diso aho. Nanao ratsy aho. Maloto aho, ny tenako." Mpanota iray izy. Niaiky ny fahotany izy. Eny, tompoko. Izany no nanao

mpaminanin'Andriamanitra iray hiaiky fa mpanota iray izy, izany no nataon'ilay fahitana.

Ny D.D.D. iray, Ph. D. dia hihomehy an'Izany, natao ho ambaratongam-pahefana iray an'ny fiangonana iray.

176 Renareo ve izay nolazain'ilay kardinaly, ilay filazam-baovao androany? Hoy izy hoe, "Misy anankiray izay mampianatra fa ny fiverenan'ny Tompo dia ho tonga tsy ho ela." Hoy izy, "Mazava ho azy, tokony tsy hiraharaha an'io andiany io isika. Isika dia mila ny—fivavahana iray manerantany nampiraisina." Tena marina tokoa.

177 Ianareo vahoaka, aza resin-tory ianareo ankehitriny. Akaiky kokoa noho izay eritreretinareo ilay zavatra. Io lehilahy io dia saiky tahaka an'ilay anankiray izay "tsy mahafantatra an'i Josefa," fantatrareo. Ary, diniho, avy amin'ny zavatra tena fetsy arak'izay maha-izy azy izany. Mifikitra eto mihitsy izy ireo, eto amin'ity toerana farany ity, izay, "Hanaovan'izy ireo sary iray ho an'izany," amin'ny fandraisana an'ilay fiombonamben'ny fiangonana ka manao azy hiteny an'ilay zavatra iray ihany izay notenenin'ilay bibidia, ary manome azy ny hery mba hanenjika an'ireo olona mpivavaka rehetra, sy hanova an'ireo fotoana sy lalàn'Andriamanitra. Izay Lazainy marina tokoa. Hitanareo?

Ho tonga eo amin'izany isika, any aoriana. Tena tara loatra izao, izao hariva izao. Fa isika dia. . . Fantatrareo izany, na ahoana na ahoana. Eny, tompoko.

Izany no nanao azy, nanao azy, hiaiky ny tenany ho mpanota iray.

178 Inona no ho lazainareo? Nahoana, raha hisy mody antsoina iray amin'izao andro izao, dia hilaza izy ireo hoe, "Eny, izaho no Dokotera *Ranona-sy-ranona*."

Nandre eveka iray aho nanao hoe, "Rehefa hiakatra any An-danitra aho, dia fantatrareo ve izay hataoko?" Hoy izy, "Handeha eo—eo amin'i Jesosy aho ka hanao hoe, 'Fantatrao ve hoe iza aho? Izaho no Eveka *Ranona-sy-ranona*.' Hilaza Izy hoe, 'Eny, efa nandre ny Reniko niresaka ny aminao Aho.'" Hoy izy, "Ny olona izay mino ny Baiboly, dia tahaka ny miroboka ao amin'ny ranom-potaka, tsy fantatrareo izay halehanareo." Aza mino an'izany ianareo.

179 Izy no Mpitari-dàlako. Hitory eo amin'izany aho, rahampitso hariva. Ah-hah. Eny, tompoko. Izy no hitari-dàlana anareo manerana an'ireo ranom-potaka rehetra izay tsy maintsy andalovana, ireo lalimbe mampidi-doza rehetra, ireo toerana avo sy toerana iva rehetra, na aiza na aiza izany.

Izy no hitari-dàlana ahy eo ambonin'ny reniranom-pahafatesana. Amena. Oh, eny, tompoko, Izy no hitari-dàlana. "Rehefa tonga ny fahafatesana, dia tsy hatahotra ny ratsy aho, fa Ianao no miaraka amiko. Eny, na dia mandeha mamaky ny

lohasaha, ilay aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny ratsy aho. Eo Ianao." Hitanareo?

180 "Raha manao ny fandriako ao amin'ny helo aho," hoy i Davida, "dia eo Izy." Amena. "Oh, raha maka an'ireo elatry ny maraina aho, ka hanidina, dia eo Izy. Eo anatrehako mandrakariva Izy, noho izany dia hangozohozo aho." Amena. Oh, oadray! Raiso ireo elatra ireo ka midira ao amin'ny hetsika ankehitriny. Eny, tompoko.

181 Ity mpaminany ity dia niditra tao amin'ny hetsika haingana mihitsy, ihany koa. Nandeha nandohalika izy. Ary hoy izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho." Noho izany, vantany vao niaiky izy, dia tonga ilay fanadiovana. Tsy maintsy miaiky ianareo, aloha. Ah-hah.

182 Tiako ianareo hanamarika. Rehefa, ity mpaminany ity, eritrereto izany, ny—lehilahy iray izay nitsangana niaraka tamin'ilay governemantam-panjakana, mpaminany iray voamarina! Ary vantany vao nahita an'io fahitana voalohany io izy! Tsy mbola nahita fahitana iray mihitsy izy, tany aloha. Hafa no voarainy. Nahatsapa ny fitarihan'Andriamanitra izy ary nandeha araka ny Teny. Fa tamin'ity fotoana ity dia fahitana miharihary iray, ka nihiakiaka izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho, ary maloto ireto olona rehetra ireto. Lozako, satria mahita ny voninahitr'Andriamanitra tonga voaseho aho."

Fa isika dia mijery an'izany fotsiny. Tokony hanidina isika. Hitanareo? Hitanareo?

183 "Lehilahy maloto molotra aho." Nandeha nankeo amin'ny alitara izy, ka hoy izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho, Tompo. Inona no azoko atao? Inona no azoko atao, satria nahita Anao voaseho eto mihitsy aho? Mahita Anjely iray manozongozona an'ilay zavatra aho. Mahita azy miteny aho, ka misy zavatra mihozongozona ery." Amena.

Manantena aho fa tsy matory ianareo. Oh, oadray! Miteny, dia nisy zavatra nitranga. Voninahitra!

184 Inona no nitranga? Avy eo dia hitantsika, fa niaiky ny fahotany izy. Ary vantany vao nanao an'izany mihitsy izy, io Feo izay niteny io, dia nanidina. Naka ny Tànany, nitondra an'ireo tandra, naka arina, nametraka an'izany teo ambonin'ny Tànany. Tonga, nametraka an'izany teo ambonin'ny molotr'Isaia, ary nanadio azy.

185 Mariho, tsy naniraka azy hahazo dipaloma Ph.D. iray mihitsy Izy. Tsy nanome azy bokim-pitsipika iray hianarana mihitsy Izy. Fa Izy, Andriamanitra, dia naneho tamin'ilay mpaminany fa ny Heriny manadio dia tamin'ny alàlan'ny Afo avy teo amin'ny alitara. Amena.

Ny Herin'Andriamanitra manadio amin'izao andro izao dia tsy ny manao tsianjery fanekem-pinoana iray na mikambana

amin'ny fiangonana iray. Izany dia ny herin'ny Fanahy Masina sy Afo izay midina ka manadio olona iray amin'ny tsi-finoany rehetra. Amena.

186 Ny fomba fanadiovan'Andriamanitra ny mpaminany iray dia amin'ny alàlan'ny Afo, fa tsy amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoana. Inona no ho fantatry ny mpaminany iray mikasika ny fanekem-pinoana iray? Ho ampiasain'Andriamanitra izy. Tsy maintsy ho tonga voaseho amin'ny alàlany ny Teny. Noho izany dia tsy afaka nanome azy fanekem-pinoana iray Izy, satria hifikitra eo amin'io fanekem-pinoana io izy. Noho izany dia naka an'ilay Afo avy teo amin'ny alitara Izy ary nanadio an'ilay mpaminany.

187 Fiaikena, aloha, avy eo dia fanadiovana amin'ny alàlan'ny Afo. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Oh, diniho! Fiaikena, ny voalohany; fanadiovana, ny faharoa; fanirahana, ny fahatelo. Amena. Eo ianareo izao. Voalohany, miaiky hoe, "Diso aho." Faharoa, fanadiovana. Fanamarinana, fanamasinana, ary ny batisan'ny Fanahy Masina. Eny, tompoko. Fiaikena; fanadiovana; fanirahana. "Mandehana ianareo any amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Amena.

188 Aorian'ny fiaikena no tonga ny fanadiovana. Aorian'ny fanadiovana no tonga ny fanirahana. Mitoria ny Filazantsara, sitrano ny marary, tsy mampaninona izay nolazain'ny olona.

189 Farany izy, ity mpaminany kely sarobidy ity, dia maty teo ambanin'ny fanenjehana, tamin'ny fanatsofana potipotika tamin'ny tsofa iray. Hah!

190 Tsarovy, izany dia tamin'i Isaia nanao ny fiaikeny fa diso izy. Efa diso tanteraka izy. Efa niankina tamin'ny fanekem-pinoany izy, hitanareo, niankina tamin'ilay—ilay olona, raharaha iray nataon'olona. Nahita mpanjaka iray izay lehilahy malaza iray izy. Lehilahy mpivavaka iray izy, saingy hitany fa tsy hahomby ny olona rehetra. Hitanareo? Fa rehefa novainy izany, ka niandrandra teto ary nahita fahitana iray, hoe Iza Andriamanitra, tamin'izay fotoana izay dia hoy izy hoe, "Te-hiaiky aho. Diso aho. Tsy hety intsony ireo fanekem-pinoana tranainy ireo, satria efa maty izy ireo ary tsy nahomby. Hitanareo? Tratry ny habokana izy ireo. Fa nahita ny voninahitr'Andriamanitra tonga voaseho aho."

Tsy afaka maneho an'izany ny fanekem-pinoana iray. Tsy afaka milaza an'ilay izy tahaka an'izany ny fanekem-pinoana iray. Tsy afaka manao an'ilay izy tahaka an'izany ny fanekem-pinoana iray. Mila an'i Kristy izany hanao azy ho tahaka an'izany.

Ary vantany vao nahita an'izany izy, dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, dia efa diso tanteraka aho, Tompo." Ary avy eo

dia tonga ilay fanadiovana. Avy eo dia tonga ilay fanirahana. Oh, oadray!

191 Tamin'izay fotoana izay ilay Isaia voadio . . . rehefa niantso Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho Ahy?"

Dia tamin'izay Isaia no nanao hoe, "Tompo, inty aho. Iraho aho." Ilay mpaminany voadio!

192 Oh, tsy hitanareo ve, ny fitaomana? Aza mandray ny fitaoman'i Marthella. Manantena aho fa tsy anarana iray ato izany. Aza mandray an'ireo anaran'ny—ny, na, ny fitaoman'ny zazavavy kely iray izay mandeha any amin'ny sekoly ambony miaraka aminareo, na sekoly tsotra, na ilay mpiara-monina izay manapaka ny volony sy manao sorta. Aza mandray an'izany fitaomana izany. Aza mandray ny fitaoman'ny pasiteran'ny fanekem-pinoana iray izay handà ny Tenin'Andriamanitra ka hanome anareo fanekem-pinoana iray. Aza mandray an'izany fitaomana izany.

Fa mijanòna eo mandra-pahitanareo ny voninahitr'Andriamanitra milatsaka, mahita zavatra iray mihetsika amin'ny alàlan'ny fiantraikany, mahita an'izany mitranga arak'izay nilazan'Andriamanitra azy fotsiny. Avy eo dia miantsoantsoa mafy hoe, "Lozako, Tompo. Efa diso aho. Diovy aho ankehitriny, Tompo. Diovy aho. Ry Fanahin'Andriamanitra velona, milatsaha indray eo amiko."

> Rehefa nikasika an'ilay mpaminany ilay arin'Afo,
> Nanao azy hadio arak'izay nampadio azy,
> Rehefa hoy ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
> Dia namaly izy hoe, "Tompo, inty aho. Iraho aho."

Vonona izy. Nahita zavatra iray izy. Eny, tompoko.

> An-tapitrisany ankehitriny no maty ao amin'ny fahotana sy henatra;
> Henoy ireo antsoantsony mampalahelo sy mangidy;
> Haingàna, rahalahy, haingàna ho an'ny famonjen'izy ireo;
> Mamalia haingana hoe, "Tompo, inty aho."

193 Misy zavatra tsy maintsy vitaina. Efa tara noho izay iheverantsika azy izao. Enga anie ny fahitan'Andriamanitra no tena hahataona ny olona, mba ahafahan'izy ireo hahita fa ilay Andriamanitra iray ihany izay tao an-tempoly niaraka tamin'i Isaia no ilay Andriamanitra iray ihany ao amin'ny Toerany masina androany. Ao amin'ny toerana masin'ny Fanahy Masina Izy. Izy no Fanahy Masina. Nofo Izy indray mandeha. Ankehitriny dia Fanahy Izy, mihetsika eo anivon'ny Olony, maneho ny Tenany fa velona; tsy fanekem-pinoana maty iray, fa Kristy velona iray, tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Oh, Isaia, namaly haingana hoe, "Tompo, inty, iraho aho."

194 Ndao isika hivavaka. Miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

Rehefa nikasika an'ilay mpaminany ilay arin'Afo,
Nanao azy hadio arak'izay nampadio azy;
Rehefa hoy ilay Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
Dia namaly izy hoe, "Inty aho. Iraho aho."

Miaraka:

Mitenena, ry Tompoko. Mitenena, ry Tompoko.
Mitenena, dia hamaly Anao haingana aho.
Mitenena, ry Tompoko. Mitenena, ry Tompoko.
Mitenena, dia hamaly aho hoe, "Tompo, iraho aho."

195 Ankehitriny, mety ho ny mpiara-monina aminareo izany. Mety ho ilay vehivavy izay iarahanareo miasa izany, ilay lehilahy izay iarahanareo miasa. Saingy izy ireo dia . . .

An-tapitrisany ankehitriny no maty ao amin'ny fahotana sy henatra, ao amin'ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonana;
Oh, henoy ny antsoantsony mampalahelo sy mangidy;
Haingàna, rahalahy, haingàna ho an'ny famonjen'izy ireo;
Mamalia haingana hoe, "Tompo, inty aho."

Mitenena, ry Tompoko. Mitenena . . .

"Nahita fahitana iray avy tamin'ny Tompo aho. Nahita an'izany nitranga aho."

. . . dia ho haingana aho mba ham- . . .

Efa niteny Izy ankehitriny.

Mitenena, ry Tompoko. Mitenena, ry Tompoko.
Mitenena, dia hamaly aho hoe, "Tompo, iraho aho."

196 Ankehitriny, miaraka amin'ny lohanareo miondrika, dia manontany aho, izao hariva izao. Araka ny noteneniko taminareo, teo am-pahatongavana, fa miezaka ny mianatra zavatra iray izay heveriko fa hanampy anareo aho.

Hitanareo io mpaminany io. Lehilahy malaza iray izy. Teraka ho an'ny tanjona mba ho mpaminany iray izy. Hitany fa nandray an'ilay làlana ratsy izy. Niankina teo an-tsandrin'i Ozia izy, mpanjaka iray. Hitany fa tsy afaka miankina eo amin'ireo sandrin'ny nofo ianareo. Mety lò izany. Diso izany. Fa mijere ambony ka jereo Andriamanitra izay mipetraka avo eo ambonin'ny Seza fiandrianany. Miandrandrà eo mankany amin'i Jesosy. Hoy Izy hoe, "Izaho no tsy miova omaly, anio,

ary mandrakizay." Avelao Izy no hitondra anareo ao amin'ny Fanahy. Diniho dia jereo raha tsy Izy no ilay tsy miova omaly.

197 Rehefa nahita ny fahitan'Andriamanitra nampidina azy ireo ity Isaia kely ity, tao amin'io tempoly io, dia vonona ny hiaiky ny fahadisoany izy. Vonona ny hiaiky izy fa tsy nanao na inona na inona marina izy. Nanidina nankany amin'ilay firenena ve izy avy eo? Nanao ny zavatra rehetra izay marina ve izy, avy eo? Ny zavatra rehetra izay azony natao. Farany, dia nanisy tombokase ny fanambarany tamin'ny ràny izy.

198 Heveriko fa izany no ho fihetseham-pontsika rehetra. Firy no mahatsapa fa te-hilaza ianareo, handre an'Andriamanitra hilaza, fa ho tianareo. . .Hilaza amin'Andriamanitra ianareo hoe, "Inty aho. Iraho aho"? Atsangano ny tànanareo.

"Inty aho. Avelao aho hanambara amin'ilay mpanao ronono. Avelao aho hanambara amin'ny—amin'ny olona rehetra izay vitako. Hanao zavatra iray, avelao aho hanao zavatra iray. Tompo, tsy mangataka ny ho mpitory teny iray aho. Tsy mangataka ny ho *ity* aho. Fa, Tompo, raha tantsaha iray aho, dia ataovy ho tantsaha iray izay afaka hanambara amin'ilay tantsaha eo akaikiko. Avelao aho ho tantsaha iray ka, rehefa mivarotra ny vokatro aho, dia afaka hanambara amin'ilay mpandray vokatra. Avelao aho ho tantsaha iray. Raha izaho no—raha vehivavy iray aho, dia avelao aho hanambara amin'ilay olon'ny fiantohana. Avelao aho hanambara amin'ilay mpanao ronono, amin'ilay zazalahy mpivarotra gazety. Avelao aho hanao zavatra iray, Tompo. Avelao aho handeha ao amin'ilay mpiaramonina ka hahita fitia amin'ny rahavaviko eto, eto akaiky, izay ratsy sy diso. Avelao aho hanome azy fijoroana vavolombelona iray amin'ny fahamoram-panahy. Avelao aho hanarona ny tavako amin'ireo elatry ny fanetre-tenako. Avelao aho hanarona ny tongotro tahaka an'izany. Avelao aho hanaja ao amin'Ny Fanatrehanao. Fa iraho miaraka amin'ny elatra roa amboniny aho, Tompo, haingana, mankany amin'ny olona iray. Inty aho. Iraho aho. Iraho aho."

199 Ao amin'izao fanajana izao, dia ndao isika rehetra hitsangana arak'izany ka hanao fotoam-panokanana iray ho an'ny tenantsika ho an'Andriamanitra.

Eto ny Tsitoha. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Ao amin'Ny Fanatrehany Masina isika. Aza adino izany ankehitriny. Eto mihitsy Ny Fanatrehany tahaka azy tamin'izany mihitsy. Am-pahatsorana, hatramin'ny nitsanganako teto, dia nahita fahitana efatra na dimy efa nitranga sahady aho. Marina izany. Marina izany. Teo ambonin'ny olona roa na telo izay mikambana amin'ity fiangonana eto ity izany. Tsy nilaza na inona na inona aho. Fa eto Izany na izany aza. Eny àry.

Ankehitriny, ny tiantsika hatao, ny tsirairay avy aminareo ao amin'ny fombanareo manokana, dia ndao isika hanokana ny tenantsika ho an'Andriamanitra.

Mahita ny famantarana miseho an'ny Fihaviany voatahy isika,
Indro, ary indro fa lasa maintso ireo ravin'aviavy ankehitriny;
Lasa nankany amin'ny firenena rehetra ny Filazantsaran'ny Fanjakana;
Ary akaiky isika; afaka ho hita ny farany.

Marina izany. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Amin'izay fotoana izay dia am-pifaliana no hampandrenesantsika ny Hafatry ny Fisehoany voatahy,
Ho avy tsy hoe ela amin'ny voninahitra Izy, mba hiteny amin'ny anankiray sy ny rehetra;
Noho izany dia mifohaza, ianareo masin'ny Tompo? Nahoana no matory nefa akaiky ny farany?
Ndao isika ho vonona ho an'izany antso farany izany. Amena.

Rava ireo firenena, mifoha Isiraely.

Firenena iray izy ankehitriny.

Ireo famantarana izay nolazain'ireo mpaminany mialoha;
Voaisa ny andron'ny Jentilisa, feno tahotra.

Mahita an'izany tonga ianareo any; tsy ireo firenena fotsiny ihany, fa ireo fiangonana.

Miverena, O ry niely, amin'ny anareo manokana.

Akaiky ny Andron'ny Fanavotana,
Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
Aoka ho fenoina Ny Fanahiny, ny fanilonareo ho voadio sy mazava,
Miandrandrà, akaiky ny Fanavotana anareo.

Mandainga ireo mpaminany sandoka, lavin'izy ireo ny Fahamarinan'Andriamanitra,
Hoe Jesosy ilay Kristy no Andriamanitsika.

Fantatrareo fa mandà izy ireo.

Fa handeha eo amin'izay nitsahan'ireo apostoly isika.

Satria akaiky ny Andron'ny Fanavotana,
Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
Aoka ho fenoina ny Fanahy, ny fanilonareo ho voadio sy hazava,
Miandrandrà, akaiky ny Fanavotana anareo.

200 Fafao io setroka ara-anaram-piangonana io. Fafao io molalin'izao tontolo izao io. Mihoatra nohon'ny ampy ny Ràn'i Jesosy Kristy mba hanadio anareo. Miandrandrà. Aoka hamiratra ny fahazavanareo. Raiso ireo elatra ireo ka manidìna avy hatrany mankany amin'ny olona iray.

Ndao isika hanangana ny tànantsika ankehitriny ka hanao hoe, "Andriamanitra, inty aho. Iraho aho."

201 Ray any An-danitra, manokana ny tenako ho Anao aho, izao hariva izao, Tompo, miaraka amin'ity fiangonana ity, taorian'ity Hafatra, henjana, mafy ity hoe, "Inty aho, Tompo. Iraho aho."

Inty ny fiangonako, Tompo. Enga anie izy ireo hanarona ny tavany amin'ny fanajana. Enga anie izy ireo hanarona ny tongony ao amin'ny fanetre-tena. Enga anie izy ireo hanana herim-po hanidina miaraka amin'ny Hafatra, haingana, hankany amin'ny olona iray hafa. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izy ireo hijoro vavolombelona amin'ny fahamoram-panahy, ho fanasin'ny tany, miaraka amin'ny Tsirony ao anatin'izany.

Tompo Andriamanitra, izao no fanatitray. Izao no rakitray. Izao no fanoloram-pisaoranay. Izao no irianay mafy, Tompo. Iraho izahay, izao hariva izao, hankany amin'ny olona iray izay very. Enga anie izahay hisintona azy ireo ho ao amin'ny fiangonana any ho any rahampitso. Enga anie izahay hampianatra azy ireo ny làlan'ny Tompo. Enga anie izy ireo ho voavonjy, Tompo, satria efa tara noho izay heverinay izao. Ekeo izany, Tompo.

202 Enga anie izahay hahatsapa an'izany ao am-ponay, raha miteny an'izany izahay, Tompo. Makà arin'Afo iray, an'ny Fanahy Masina, avy eo amin'ny alitaran'i Kalvary. Kasiho ny fo sy molotra tsirairay, izao hariva izao, Tompo, mba tsy hitenenanay lainga, mba hitenenanay ny Fahamarinana.

Raiso izahay, izao hariva izao, Tompo, arak'izay maha-izy anay fotsiny. Tsy mpitory teny izahay rehetra. Tsy mpaminany izahay rehetra. Tsy mpiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izahay rehetra. Tsy mpanao fahagagana izahay rehetra. Saingy manana zavatra hatao izahay rehetra. Asehoy anay hoe aiza ilay izy, Tompo; mijoro vavolombelona, mihira, na mivavaka. "Ary tahaka ny mofo eo ambonin'ny rano, hiverina izany amin'ny andro iray be voninahitra." Ekeo izany, Tompo. Inty izahay. Iraho hankany amin'ny mpiara-monina aminay izahay, any amin'izay vitanay rehetra, hankany amin'ireo olona namanay, ka hiteny amin'izy ireo ny amin'ny Fihavian'ny Tompo. Ekeo izany, Ray.

203 Tahio izahay ankehitriny. Enga anie izahay hahazo fitsaharana tsara ao amin'ny vatanay izao hariva izao. Enga anie izahay hitsangana ka ho tonga any am-piangonana amin'ny maraina. Ary enga anie Ianao hiteny tena—tena mahery rahampitso, mba tsy Hamelanao vato anankiray tsy voamboatra, mba ho fantatry ny olona tsirairay hoe ahoana no fidirana amin'Ity. Ampianaro izahay, Tompo. Miandry izahay. Ampianaro izahay amin'ny maraina hoe ahoana no ahatongavana eo amin'io fatra feno izay ahafahanay ho lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra io. Miandry Anao izahay, Tompo, miaraka amin'ilay arin'Afo vonona ny hapetraka eo amin'ny molotray. Miandry izahay, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy.

204 Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia hangataka ny pasitera aho arak'izany handroso ho an'ny fotoana fampiravana.

Andriamanitra hitahy anareo. Manantena aho ny hahita anareo amin'ny maraina, ankehitriny. Homba anareo anie Andriamanitra, hanasitrana ny marary sy ny ory rehetra eo anivontsika. Hanao ny tsirairay avy aminareo . . .

Mahatsapa ho feno ny Fanahy aho izao ankehitriny izao. Mahatsapa ny Fanahy Masina aho. Mahatsapa Ny Fanatrehany aho. Fantatro fa eto Izy. Pozitifa aho fa eto Izy. Mahita Azy aho. Fantatro fa eto Izy. Mahita Azy mihetsika aho, io Andry Afo lehibe io, voninahitra, ao amin'ny fihetsehan'Ny Vatany, ilay maha-Andriamanitry Ny Fanatrehany, Vatana mendrika lehibe.

Andriamanitra, manombà eo ambonin'ity. Aza avela hisy ho very ny iray amin'izy ireo, mivavaka aho. Voninahitra ho an'Andriamanitra!

Ny Fitaoman'Ny Hafa MAG62-1013
(The Influence Of Another)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Sabotsy hariva, 13 Oktobra, 1962, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org